REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2025

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

----------------

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

----------------

# FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-33

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-DALANA LAHARANA FAHA-001-2025/PL «SUR LA PRODUCTION ET LA COMMERCIALISATION DU TOAKA GASY SUR LE TERRITOIRE NATIONAL MALAGASY», NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA ANDRIAMIHAJA FANOMEZANTSOA YVES GEORGES, VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'AMBOSITRA

Fivoriana faha-6
Natao ny
Alarobia 21 mey 2025
- Maraina -

ce 11/06/25
5ème PV
PV n° 33
56

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra
- Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert

Isan'ny Solombavambahoaka nanatrika ny fivoriana: 51 ; tsy tonga: 112 ; voaala tsiny: 00.

**FOTOANA:** Alarobia 21 Mey 2025, tamin'ny 10 ora sy 40 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2025/PL «sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national malagasy», natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra.

**- 1 -**
**- Fitohizan'ny fivoriana -**

- Lakolosy -

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy,
Mitohy ny fivoriantsika, miarahaba anareo tapaka sy namana Solombavambahoakan'i Madagasikara izay tonga manatrika izao fivoriana izao, toy izany koa ianareo solotena eo anivon'ny Governemanta.

Mialohan'ny hanombohantsika ny lahadinika dia miangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana toy ny mahazatra.

**- 2 -**
**- Fiantsoana anarana -**

**Ramatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Faly miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra. Miarahaba ihany koa ny avy ao amin'ny Governemanta.

Miangavy antsika Solombavambahoaka mba samy hanonona ny anarany ho fanamarinana ny fahatongavana.

AFAKANDRO Christian
……………………………………………..
…………………………………………………………
…………………………………………………………….
VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra

Vita Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy, ny fandaharam-potoanantsika androany Alarobia faha-21 Mey 2025 dia fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2025/PL «sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national malagasy», izay natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra.

Iangaviana ny Mpampakateny mba hamaky ny tatitra momba izany.

**- 3 -**
**- Famakiana ny tatitra -**

**Andriamatoa RAZAFINDRAMASY Faralahy Célestin**
Nivory ny Alatsinainy faha-12 Mey, ny Alakamisy faha-15 Mey sy ny Zoma faha-16 Mey ary ny Alatsinainy faha-19 Mey 2025 ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Fahasalamambahoaka sy ny Fandrindram-piterahana, ny Vaomieran'ny Varotra ary ny Vaomieran'ny Atitany nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha 001-2025/PL «sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national malagasy» izay natolotr'Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,
1. RABY SAVATSARAH Ain' Harimanga Gabrielle,
2. RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina,
3. IMBIKY Herilaza,
4. RATSIMANDRIONA Aida Hardy
5. RAHOLDINA RANAIVO Herinantsoina

Andriamatoa MANDRARA Louis Fernandy, no mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Varotra tonga nanatrika ny fivoriana;

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fahasalamambahoaka sy ny Fandrindram-piterahana tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RASOLOMANANA Beby Olivier
2. SYLVIE Liva Gervais
3. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
4. MANDRARA Louis Fernandy

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera'ny Atitany tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. MAMINIRINA Jolce
2. SYLVIE Liva Gervais

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory:
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves George
2. BOTOTEFY Herimanantsoa Odilon
3. BEFENO Todimanana Aymar Hyacinthe
4. RAKOTONDRAMANITRA Vahiny Felix
5. ANDRIANANARIVONOMENJANAHAR Y Andrianasolo Joseph
6. MALAINKORATSY Jocelyn

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | | |
|---|---|---|
| 1. | RAZANAKOTO A. Isidore | DGC/MIC |
| 2. | RAZAFINARAZAKA Naina | DGI/MIC |
| 3. | TSELANY Deborah | MINJUS/Magistrat |
| 4. | RAZAFIAIVONY Kobra Vanella | MINJUS/Magistrat |
| 5. | RAHARILALA Faraniaina | DII/MIC |
| 6. | RATSIMBAZAFY Hantanirina | Chef de service DPC/MIC |
| 7. | RAKOTOMANANA Andrianina | MIC/DAJ/SCE |
| 8. | ANDRIAMANDIMBY Harinirina T. | Directeur OFNALAT/ Min SAN |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny Tolo-dalàna.

Nambarany tamin'izany fa ity Tolo-dalàna ity dia natao hitsinjovana ny tombontsoan'ireo tantsaha mpamokatra toaka gasy eny amin'ny tontolo ambanivohitra. Ny toaka gasy dia zava-pisotro misy alikaola nentim-paharazana izay vokarin'ireo tantsaha eny amin'ny tontolo ambanivohitra ka miorim-paka ao anatin'ny kolotsaina sy soatoavina malagasy. Na dia manana toerana lehibe eo amin'ny toe-karena sy ny kolontsaina aza izany, dia hita fa mbola voararan'ny Lalàna ny famokarana sy ny famarotana azy. Araka izany ny tantsaha

mpamokatra dia iharan'ny fanararaotam-pahefana ataon'ireo mpitandro filaminana ary voasazy matetika.
Noho izany dia natao ity Tolo-dàlana ity mba ahafahan'izy ireo mamokatra sy mivarotra ny toaka gasy.
Ny tanjon'ny Tolo-dàlana dia:

- ny hitondrana tombotsoa ara-toekarena sy ara-tsosialy ho an'ny firenena;
- ny hampitomboana ny fidiram-bola ho an'ny mpamokatra sy hoan'ny kitapom-bolam-panjakana ary ny Kaominina;
- ny hanomezana fahalalahana ny famokarana sy ny fivarotana anatin'ny fanarahan-dalàna;
- ny fiarovana ny tombotsoan'ireo mpamokatra sy ny mpivarotra;
- ny fanasaziana sy fanenjehana ireo izay minia mandika Lalàna mahakasika ireo fepetra momba ny famokarana sy fivarotana ny toaka gasy.

Ahitana Lohateny miisa 6 sy andininy miisa 49 ny Tolo-dalàna:

- Ny Lohateny voalohany dia mikasika ny fepetra ankapobeny;
- Ny Lohateny faha-II dia mikasika ny famokarana ny toaka gasy;
- Ny Lohateny faha-III dia mikasika ny famarotana ny toaka gasy;
- Ny Lohateny faha-IV dia mikasika ny adidy amin'ny hetra;
- Ny Lohateny faha-V dia mikasika ny fandikan-dalàna, ny fanenjehana azy ireo ary ny sazy;
- Ny Lohateny faha-VI dia natokana ho an'ny fepetra farany.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny ady hevitra ny mpivory, ka tao anatin'izany no nisiany fanamarihana sy fanontaniana miaraka amin'ny valiny.

**<u>FANAMARIHANA AVY AMIN'NY MPIVORY</u>:**

- Nilaza ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta fa zava-dehibe ny fanolorana ity Tolo-dalàna ity mba hiarovana ny tombotsoan'ny tantsaha fa kosa tsara jerena ny fahasalaman'ireo mpanjifa ary mila ampahafantarina azy ireo amin'ny alalan'ny **«**étiquetage» ny zavatra jifainy toy ny «degré» sy ny akora anamboarana azy;

- Tokony esorina ireo fepetra rehetra ao anatin'ity Tolo-dalàna ity mahakasika ny "production industrielle" toy ny ao amin'ny andininy faha-2, andininy faha-3, andininy faha-9, andininy faha-22, sy ireo sisa mifandraika amin'izany, mba hiarovana sy hanomezana lanja ireo tantsaha mpamokatra eny Ambanivohitra;

- Tokony miavaka mazava tsara ny "sanction administrative" sy ny "sanction pénale" eo amin'ny mpamokatra sy ny mpivarotra;

- Tokony ny Kaominina no mamaritra ny sazy ampiharina amin'ireo mpamokatra sy mpivarotra ao aminy;

- Tokony hamafisina ny fepetra fandrarana ny famarotana toaka gasy amin'ny zaza tsy ampy taona sy ho an'ireo olona manana fahasembanana;

- Tokony hatsangana ny "bureau des normes" ho an'ny toaka gasy.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

**<u>FANONTANIANA SY VALINY</u>:**

- **Inona ny mampiavaka ity Tolo-dalàna ity amin'ny Tolo-dalàna izay natolotry ny Solombavahoaka teo aloha?**
  *Betsaka ny mampiavaka ity Tolo-dalàna ity, ka anisan'izany ny: famaritana maromaro mahakasika ny toaka gasy sy ny tontolony toy ny ao amin'ny andininy faha-2; famerana ny tahan'ny alikola ho "44 degré" ao amin'ny andininy faha-12; fametrahana fenitra mba hitsinjovana ny fahasalaman'ny mpanjifa sy fanomezana taratasy fahazoan-dalana eo anivon'ny Fokontany sy Kaominina araky ny voalaza ao amin'ny andininy faha-28; fametrahana ny "etiquetage" amin'ny vokatra raha miala ny Distrika namokarana voalaza ao amin'ny andininy faha-2 sy faha-16.*

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandinihana ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Nitondran'ny mpivory fanitsiana sy fanovàna avokoa ny andininy rehetra ao amin'ny Tolo-dalàna manomboka amin'ny Famelabelarana ny Antonantony, ankoatra ny andininy faha-23 ;faha-24; faha-48 sy faha-49.

Noesorina ny fepetra milaza ny "Loi n°2013-013 du 20 Février 2014 sur la production et la commercialisation de l'éthanol combustible» ao amin'ny Famelabelarana ny Antonantony.

Nitondrana fanovàna sy fanitsiana ny andininy voalohany, faha-2 ary faha-3 ao amin'ny Lohateny voalohany Fepetra Ankapobeny:

- ny andininy voalohany dia nampiana andalana mamaritra ny fahalalahan'ny famokarana sy fivarotana ny toaka gasy manerana ny nosy;
- ny andininy faha-2 dia nampiana famaritana maromaro mba hampazava bebe kokoa ny toaka gasy toy ny "fermentation";
- ny andininy faha-3 vaovao dia nafantoka manokana tamin'ny "circuit commercial".

Ny Lohateny faharoa dia ahitana ny andininy faha-4 ka hatramin'ny andininy faha-11.

- nesorina ny famokarana indostrialy amin'ny andininy faha-4 ao amin'ny Tolo-dalàna;
- nampiana fepetra ao amin'ny andininy faha-5 mamaritra ny fanomezana fahazoan-dalana mamokatra eo anivon'ny Fokontany sy Kaominina;
- nofoanana ny "renvoi" mankany amin'ny "Loi n°2017-048 du 08 février 2018 régissant la sécurité sanitaire des denrées alimentaires et de l'alimentation animale" ao amin'ny andininy faha-6;
- nampiana andininy faha-6 vaovao ny Tolo-dalàna izay mamaritra ny fahefan'ny Kaominina hametraka sazy ara-panjakana;
- novaina ny andininy faha-7 mba hanamafy ny fepetra voalaza amin'ny andininy faha-5 sy faha-6;
- napetraka ny "registre" eo anivon'ny Kaominina mirakitra ireo antontan-kevitra momba ny toaka gasy ao amin'ny andininy faha-8. Nampiana ny filazana ny "bureau des normes" ihany koa io andininy vaovao io;
- nofoanana ny andininy faha-9 sy faha-10 ao amin'ny Tolo-dalàna satria miresaka "production industrielle";
- manantitrantitra ny toerana azo amokarana toaka gasy ny andininy faha-11.

Ny Lohateny fahatelo dia ahitana Toko miisa efatra.
Ny Toko voalohany dia ahitana ny andininy faha-12 hatramin'ny andininy faha-19:

- napetraka ao amin'ny andininy faha-12 ny "degré" sahaza hoan'ny toaka gasy sy ny tamberina andraikitra mipetraka amin'ny mpamokatra;
- nofoanana ny andininy faha-13 sy faha-14;
- noesorina ny fanomezana-dalana alaina avy amin'ny Ministera misahana ny Varotra ao amin'ny andininy faha-15 mahakasika ny varotra "en vrac";
- nofoanana ny andininy faha-16;
- nohamafisina ny fametrahana "étiquetage" mahakasika ny toaka gasy rehefa amidy ivelan'ny distrika namokarana azy ao amin'ny andininy faha-17;
- nofoanana ny andininy faha-18 sy ny andininy faha-19.

Ny Toko faharoa dia ahitana ny andininy faha-20 hatramin'ny andininy faha-23:

- ny andininy faha-20 dia nampiana andalana manamafy ny fahalalahan'ny famarotana toaka gasy eo amin'ny Kaominina namokarana azy;
- nofoanana ny fepetra mahakasika ny faktiora ao amin'ny andininy faha-21 sy ny andininy faha-22 mirakitra "produits industriels".

Ny Toko fahatelo dia ahitana ny andininy faha-24 ka hatramin'ny andininy faha-27:

- tsy nitondran'ny Vaomiera fanovàna ny andininy faha-23 sy 24;
- ny fanovàna ao amin'ny andininy faha-25 kosa dia mamela malalaka ny fivarotana toaka gasy rehefa mahazo alalana avy amin'ny Fokontany izany;
- novaina ny fepetra izay milaza "par voie réglementaire" ho "dispositions de la loi sur les Collectivités Territoriales Décentralisées" ao amin'ny andininy faha-26;
- ny andininy faha-27 dia nampiana "par voie réglementaire" eo amin'ny fepetra fampiharana.

Ny Toko fahaefatra dia ahitana ny andininy faha-28 ka hatramin'ny andininy faha-30:

- ny fanovàna amin'ny andininy faha-28 dia manamafy ny tokony hananan'ny mpivarotra toaka gasy "certificat de consommabilité", "certificat d'immatriculation" ary "autorisation de mise sur le marché (AMM)";
- ny andininy faha-29 dia nampiana fepetra mahakasika ny fametrahana "registre" eo anivon'ny rantsamangaikan'ny Ministera misahana ny Varotra izay ahitana ireo antontan-kevitra mahakasika ny "autorisation de mise sur le marché (AMM)";
- nohamafisina ny fametrahana ny "autorisation de mise sur le marché (AMM)" ao amin' ny andininy faha-30.

Ny Lohateny fahaefatra dia ahitana ny andininy faha-31 hatramin'ny andininy faha-33:

- ny andininy faha-31 vaovao dia manamafy fa ny Kaominina no tokony hisitraka ny hetra azo avy amin'ny toaka gasy izay vokarina ao aminy. Ny Lalàna mahakasika ny "ressources des collectivités territoriales decentralisées" no mamaritra ny taha amin'izany;
- mitovy amin'izay ihany koa ny voalaza ao amin'ny andininy faha-32 mahakasika ny "produits des impôts de licence foraine";
- ny "montant des impôts de licence de production du toaka gasy" kosa dia faritan'ny Tetibolam-panjakana ao amin'ny andininy faha-33.

Ny Lohateny fahadimy dia ahitana Toko miisa roa.
Ny Toko voalohany izay mamaritra ny heloka mahakasika ny toaka gasy dia ahitana ny andininy faha-34 hatramin'ny andininy faha-40:

- novaina ny lohatenin'ny Toko voalohany;
- nantitranterin'ny fanovàna ao amin'ny andininy faha-34 fa maha voasazy ny mamokatra toaka gasy tsy nahazoana alalana avy amin'ny Kaominina raha toa ka maherin'ny 100 litatra izany;
- torak'izany ihany koa ny mahazo ny mpivarotra izay mividy ny vokatra tsy nahazoana alalana araka ny voalaza amin'ny andininy faha-35;
- ny andininy faha-36 dia milaza fa mampigadra iray volana hatramin'ny dimy taona miampy lamandy ny mamokatra sy mivarotra toaka gasy izay miteraka tsy fahasalamana ho an'ny mpanjifa;
- ny andininy faha-37 dia milaza ihany koa fa mampigadra telo volana hatramin'ny roa taona miampy lamandy ny fivarotana toaka gasy tsy manara-penitra;
- miteraka lamandy ny tsy fanajana ny fepetra mahakasika ny varotra ao amin'ny andininy faha-38;
- torak'izany ihany koa ny tsy fanajana ny mahakasika ny "étiquetage" ao amin'ny andininy faha-39
- nofoanana ny andininy faha-40 ao amin'ny Tolo-dalàna.

Ny Toko faharoa dia ahitana ny andininy faha-41 hatramin'ny andininy faha-46. Nampiana "section" vaovao miisa roa ny Toko faharoa.
Ny "Section 1" Vaovao dia ahitana ny andininy faha-41 sy ny andininy faha-42:

- ny andininy faha-41 dia manamafy ny andraikitry ny mpiasa eo anivon'ny Ministera misahana ny varotra mahakasika ny fikarohana heloka momba ny toaka gasy. Ny fikarohana ny heloka dia tanterahina araka ny voalazan'ny "Code de procédure pénale";
- ny andininy faha-42 kosa dia manampy fa azo ampiharina ny fepetra mahakasika ny Lalàna momba ny fifaninana sy ny Lalàna mahakasika ny fiarovana ny mpanjifa momba ny fikarohana ny heloka momba ny toaka gasy.

Ny "Section 2" Vaovao dia ahitana ny andininy faha-43 hatramin'ny andininy faha-47:

- ny andininy faha-43 dia milaza fa ny "Juridiction de droit commun" no rafi-pitsarana misahana ny heloka;
- ny andininy faha-44 dia milaza fa afaka manafoana ny fanenjehana na ny "action publique" ny "transaction";
- ny andininy faha-45 sy faha-46 dia manome ny fepetra mahakasika ny "transaction";
- ny andininy faha-47 vaovao kosa manamafy ny fampiharana ireo fepetra ao amin'ny "Code de Procédure Pénale" sy ny Lalàna mahakasika ny fifaninanana sy ny Fiarovana ny mpanjifa.

Taorin'izany dia niroso tamin'ny fandaniana ny isan'andininy ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra:

Famelabelarana ny Antonantony**:** Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy Voalohany: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-2: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-3: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-4: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-5: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-6: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-7: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-8: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-9: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-10: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-11: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-12: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-13: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-14: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-15: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-16: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-17: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-18: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-19: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-20: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-21: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-22: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-23: Lany **tsy** nasiam-panitsiana sy **tsy** nasiam-panovàna

Andininy faha-24: Lany **tsy** nasiam-panitsiana sy **tsy** nasiam-panovàna

Andininy faha-25: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
Andininy faha-26: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-27: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-28: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-29: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-30: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-31: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-32: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-33: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-34: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-35: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-36: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-37: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-38: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-39: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-40: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-41: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-42: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-43: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-44: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-45: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-46: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-47:	Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-48:	Lany **tsy** nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-49:	Lany **tsy** nasiam-panitsiana sy **tsy** nasiam-panovàna
Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandaniana amin'ny ankapobeny ny Tolo-dalàna ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika anaty Mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany dia nolanian'ny Vaomiera nantsoina hanapa-kevitra tamin'ny **endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna** laharana faha 001-2025/PL «sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national malagasy», izay natolotr'Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra. ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana ny Alatsinainay tamin'ny 1 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.

**TOVANA**

| **VERSION PROPOSITION DE LOI N°001-2025/PL SUR LA PRODUCTION ET LA COMMERCIALISATION DU TOAKA GASY SUR LE TERRITOIRE NATIONAL MALAGASY** | **VERSION AMENDÉE EN TRAVAUX DES COMMISSIONS** |
|---|---|
| EXPOSE DES MOTIFS<br>---------------------------------------------------<br>Le toaka gasy désignant une boisson alcoolisée traditionnelle, est un aspect très important de la culture malagasy. Tel est le cas puisque le toaka gasy est un élément clé de l'unité et de l'identité culturelle du peuple malagasy. Il joue un rôle central dans de nombreuses célébrations et rituels malagasy. Il reflète les valeurs, les croyances et les pratiques des différentes ethnies de Madagascar contribuant à la diversité culturelle du pays.<br>Cependant, force est de constater qu'à ce jour, il n'existe pas de législation spécifique qui régisse le secteur malgré les anciennes tentatives d'initiatives parlementaires ayant eu vocation à légiférer le domaine. Les textes existants, notamment la Loi n°2013-013 du 20 février 2014 sur la production et la commercialisation de l'éthanol combustible, n'offre pas non plus dans son champ de compétence des dispositions aptes à agencer la filière du toaka gasy. | EXPOSE DES MOTIFS<br>----------------------------------------------------<br>Le toaka gasy désignant une boisson alcoolisée traditionnelle, est un aspect très important de la culture malagasy. Tel est le cas puisque le toaka gasy est un élément clé de l'unité et de l'identité culturelle du peuple malagasy. Il joue un rôle central dans de nombreuses célébrations et rituels malagasy. Il reflète les valeurs, les croyances et les pratiques des différentes ethnies de Madagascar contribuant à la diversité culturelle du pays.<br>**Or** force est de constater qu'à ce jour, il n'existe pas de législation spécifique qui régisse le secteur malgré les anciennes tentatives d'initiatives parlementaires ayant eu vocation à légiférer le domaine. |
| TITRE I - DISPOSITIONS GENERALES | TITRE I - DISPOSITIONS GENERALES |
| Article premier. - La présente loi fixe les dispositions relatives à la production et à la commercialisation du « toaka gasy » sur le territoire de Madagascar. Elle régit tous les stades de distribution dudit produit, de sa | Article premier. - La présente loi fixe les dispositions relatives à la production et à la commercialisation du « toaka gasy » sur le territoire de Madagascar. Elle régit tous les stades de distribution dudit produit, de sa |

| | |
|---|---|
| production à sa commercialisation. | production à sa commercialisation.<br>**La production et la commercialisation du toaka gasy sont libres sur le territoire de Madagascar sous réserve du respect des dispositions de la présente loi.** |
| Article 2.- Définitions des termes :<br>a- Production artisanale : se caractérise par des méthodes de fabrication traditionnelle et à petite échelle ;<br>b- *Production industrielle* : se caractérise par un système de fabrication à grande échelle utilisant des machines, des technologies et des processus standardisés pour la production ;<br>c- *Unité de production* : désigne généralement un lieu ou une structure où s'effectue la production des biens ou des services. Cela peut inclure des usines, des ateliers, des laboratoires ou toute autre installation dédiée à la fabrication ou à la transformation de produits ;<br>d- *Embouteilleur* : désigne toute entité responsable de la mise en bouteille des boissons, de leur étiquetage et de leur emballage pour distribution. | Article 2.- Définitions des termes :<br>**a- Taoka gasy : désigne toute boisson alcoolisée fabriquée selon la pratique traditionnelle malagasy, par la fermentation et/ou la distillation des matières d'origine végétale ou de miel**<br>b- Production artisanale : se caractérise par des méthodes de fabrication traditionnelle et à petite échelle ;<br>**SUPPRIME**<br>c- Unité de production : désigne généralement un lieu ou une structure où s'effectue la production **ou tout autre installation dédiée à la fabrication ou à la transformation de produits**.<br>**d- Conditionneur ou embouteilleur : désigne toute entité qui s'occupe de l'emballage et du conditionnement des produits avant leur mise en vente. Le conditionnement inclut le** |

| | |
|---|---|
| e- *Conditionneur* : désigne toute entité qui s'occupe de l'emballage et du conditionnement des produits avant leur mise en vente. Le conditionnement inclut le remplissage, le scellage, l'étiquetage et l'emballage des produits avant leur distribution.<br><br>f- *Distributeur* : désigne les intermédiaires qui permettent aux fournisseurs d'atteindre les consommateurs. Il s'agit dans la pratique des grossistes. | **remplissage, le scellage, l'étiquetage et l'emballage des produits avant leur distribution.**<br><br>**e- Distillation : procédé qui consiste à séparer les éléments de mélange en faisant passer à l'étape de vapeur**<br><br>f- Distributeur : désigne les intermédiaires qui permettent aux fournisseurs d'atteindre les consommateurs.<br><br>g- **Fermentation : processus par lequel des micro-organismes transforment des substances en d'autres produits**.<br><br>**h- Producteur : désigne les fabricants des toaka gasy**<br><br>**i- Commerçant : Toute personne qui exerce une activité commerciale régulière dans le but de réaliser un profit. Les producteurs en sont exclus.**<br><br>**j- Laro : Ingrédient naturel, d'origine végétale donnant du goût et de l'arome au toaka gasy.** |
| Article 3.- Le circuit de commercialisation du « toaka gasy » est défini comme suit :<br><br>1. pour les produits locaux : industriel ou producteur-collecteur/embouteilleur-grossiste-consommateur ; | **Article3.- Le circuit de commercialisation du toaka gasy est défini comme suit :**<br><br>**Producteur- Collecteur/grossiste- détaillant-Consommateur.** |

| | |
|---|---|
| 2. pour les produits à l'exportation : industriel ou producteur-exportateur. | |
| TITRE II - DE LA PRODUCTION DU TOAKA GASY | TITRE II - DE LA PRODUCTION DU TOAKA GASY |
| Article 4.- Le Toaka gasy peut être produit de façon artisanale ou industrielle. | Article 4.- Le Toaka gasy peut être produit de façon artisanale ou **traditionnelle.**<br><br>**Le Laro utilisé dans la fabrication du Taoka gasy doit être naturel, d'origine végétale et ne doit pas porter atteinte à la santé des consommateurs.** |
| Article 5.- Toute personne physique ou morale constituée en association, en coopérative, ou en société peut librement exercer toute activité de production de « toaka gasy » sous réserve d'obtenir une autorisation délivrée par la Commune du lieu d'implantation ou par le Ministère en charge de l'Industrialisation selon la qualité de l'unité de production. | Article **5.-** Toute personne physique**,** morale constituée en association, en société de coopérative, ou en société peut exercer toute activité de production de « toaka gasy »**.**<br><br>**A cet effet, les personnes intéressées doivent faire une déclaration auprès du Fokontany pour enregistrement. Par la suite, la déclaration est transmise auprès de la commune qui n'émettra une autorisation qu'après avis d'un comité composé des représentants du service territorialement compétent en charge de la santé publique, du Commerce, de l'Intérieur. En aucun cas, la commune ne peut refuser l'octroi de l'autorisation que suite à un avis défavorable dudit comité.**<br><br>**Tout refus doit être motivé.** |
| Article 6.- Sans préjudice des dispositions de la Loi n°2017-048 du 08 février 2018 régissant la sécurité sanitaire des denrées alimentaires et de l'alimentation animale, toute entreprise de fabrication tant artisanale qu'industrielle du toaka gasy doit | Article 6.- Toute entreprise de fabrication artisanale du toaka gasy doit satisfaire aux conditions et mesures nécessaires pour assurer l'innocuité, le bon état et la salubrité des produits depuis leur production, leur traitement ainsi que leur stockage. |

| | |
|---|---|
| satisfaire aux conditions et mesures nécessaires pour assurer l'innocuité, le bon état et la salubrité des produits depuis leur production, leur traitement ainsi que leur stockage.<br><br>Les conditions d'innocuité, de bon état et de salubrité sont déterminées par voie réglementaire | Les conditions d'innocuité, de bon état et de salubrité sont déterminées par voie règlementaire |
| | **Article 6 bis.- La suspension et le retrait de l'autorisation en matière de production artisanale du Taoka Gasy relève de la compétence de la commune d'implantation et doit être motivée.**<br><br>**La commune est habilitée à prendre des sanctions administratives à l'encontre des personnes qui se livrent à la production du toaka gasy inférieure à cent (100) litres, sans avoir l'autorisation prévue par l'article 5.**<br><br>**La sanction sera prise par délibération du conseil de la commune.** |
| Article 7.- L'implantation d'une unité de production artisanale sur un lieu déterminé est soumise à l'autorisation de la Commune du lieu d'implantation.<br><br>Les modalités de délivrance de cette autorisation seront déterminées par voie réglementaire. | **Article 7.-Le non-respect des conditions prévues à l'article 5 et 6 en cours d'exercice d'activité entraîne la suspension, ou le retrait de l'autorisation.**<br><br>**Il sera créée une norme sur la production du toaka gasy déterminant les caractéristiques technique du produit tout en tenant compte du taux de nocivité des matières premières utilisées.** |
| Article 8.- Afin d'assurer l'unité de gestion et de données relatives au secteur de production artisanale du «toaka gasy», l'octroi, la suspension et le retrait de toutes formes d'autorisation en matière de production artisanale dudit produit relèvent de la compétence de la Commune d'implantation. | **Article 8.- : Afin d'assurer la régulation, le suivi du secteur du Toaka gasy, il est créé un registre au niveau de la commune retraçant toutes les données relatives à la production dudit produit dans son ressort.** |
| Article 9.- L'implantation d'une unité de production industrielle sur un lieu déterminé est soumise à l'autorisation du | **SUPPRIME** |

| | |
|---|---|
| <u>Ministère en charge de l'Industrie ou de ses services déconcentrés.</u><br><br><u>Les modalités de délivrance de cette autorisation seront déterminées par voie réglementaire.</u> | |
| Article 10<u>.- Afin d'assurer l'unité de gestion et de données relatives au secteur de production industrielle du «toaka gasy», l'octroi, la suspension, le retrait de toutes formes d'autorisation en matière de production industrielle dudit produit relèvent de la compétence du Ministère en charge de l'Industrie.</u> | **SUPPRIME** |
| Article 11.- En aucun cas, le lieu d'implantation d'une unité de production de toaka gasy, <u>tant artisanale qu'industrielle</u>, ne peut être établi à moins de cent mètres autour <u>de zones protégées telle que</u> les édifices <u>consacrés au</u> culte, <u>les cimetières</u>, <u>les</u> hospices, <u>les </u>établissements d'enseignement publics ou privés ou <u>les</u> établissements sanitaires. | Article 11.- **:** En aucun cas le lieu d'implantation d'une unité de production de toaka gasy **artisanale ne peut être établie à moins de trois cent mètres autour des édifices cultuels, des hospices, de tout établissement d'enseignement publiques ou privés ou des établissements sanitaires, des établissements consacrés au développement de la jeunesse, des bureaux administratifs, des casernes et bâtiments militaires.** |
| TITRE III - DE LA COMMERCIALISATION DU TOAKA GASY | TITRE III - DE LA COMMERCIALISATION DU TOAKA GASY |
| CHAPITRE 1 DES CONDITIONS INHERENTES A LA COMMERCIALISATION DU TOAKA GASY | CHAPITRE 1 DES CONDITIONS INHERENTES A LA COMMERCIALISATION DU TOAKA GASY |
| Article 12.- Le toaka gasy commercialisable sur le marché doit avoir une teneur en alcool inférieure à 44°.<br><br>Sont responsables de la teneur en alcool du toaka gasy mis en vente l'embouteilleur, le conditionneur ou le distributeur. | Article 12.- Le toaka gasy commercialisable sur le marché doit avoir une teneur en alcool inférieur **ou égal** à 44°.<br><br>Sont responsables de la teneur en alcool du toaka gasy mis en vente, **le producteur**, l'embouteilleur, le conditionneur ou le distributeur. |
| Article 13<u>.- Le toaka gasy commercialisable doit faire l'objet d'un agrément sanitaire</u> | |

| | |
|---|---|
| conformément à la loi en vigueur.<br><br>A cet effet, le toaka gasy produit dans des conditions artisanales sera soumis préalablement à une autorisation par arrêté de la Commune d'implantation.<br><br>La Commune d'implantation de la production artisanale doit saisir préalablement l'organisme en charge de l'évaluation des risques sanitaires.<br><br>La saisine relève de la compétence du ministère en charge du commerce dans le cas d'une production industrielle. | **SUPPRIME** |
| Article 14.- Le circuit de commercialisation est défini comme suit :<br><br>1. pour les produits locaux : industriel ou producteur-collecteur/embouteilleur-grossiste-consommateur ;<br><br>2. pour les produits à l'exportation : industriel ou producteur-exportateur.<br><br>Tout cumul d'activité est autorisé sous réserve du respect des dispositions de l'article 3 et des conditions prévues par les textes réglementaires | **SUPPRIME** |
| Article 15.- Le toaka gasy peut être vendu en vrac ou sous emballage.<br><br>Le toaka gasy vendu en vrac fera l'objet d'une autorisation spéciale délivrée par le Ministère en charge du Commerce ou de son service déconcentré.<br><br>Dans tous les cas, les caractéristiques du produit doivent être connues du consommateur conformément à la loi en vigueur. | Article 15.- **Le toaka gasy peut être vendu en vrac ou sous emballage en verre ou en plastique. Dans le cas de l'existence d'un emballage, le récipient en verre est recommandé.** |
| Article 16.- Le toaka gasy peut être vendu sans ou sous emballage. Dans le cas de l'existence d'un emballage, l'emballage en | **SUPPRIME** |

| | |
|---|---|
| verre est priorisé.<br><br>Dans tous les cas, et afin de garantir les droits des consommateurs, le toaka gasy doit faire l'objet d'un étiquetage | |
| Article 17.-<br><br>Il est interdit de détenir en vue de la vente ou de la distribution à titre gratuit, de mettre en vente ou de distribuer à titre gratuit du toaka gasy dont l'étiquetage et la présentation ne sont pas conformes à la réglementation en vigueur | Article 17**.- En dehors du district de production du toaka gasy, le toaka gasy vendu en vrac ou sous emballage hors du district de production du toaka gasy doit faire l'objet d'un étiquetage.**<br><br>**A cet effet,** il est interdit de détenir en vue de la vente ou de la distribution à titre gratuit, de mettre en vente, de distribuer, à titre gratuit, **en vrac ou sous emballage, du toaka gasy,** dont l'étiquetage et la présentation ne sont pas conformes à la réglementation en vigueur. |
| Article 18.- Toutes les informations sur l'étiquetage sont sous la responsabilité du producteur conditionneur, du représentant légal du conditionneur ou du distributeur agréé de la marchandise. | **SUPPRIME** |
| Article 19.- Outre les conditions d'étiquetage prévues par voie réglementaire, le degré d'alcool du toaka gasy doit figurer sur l'étiquette de l'emballage. | **SUPPRIME** |
| CHAPITRE 2 DES CONDITIONS INHERENTES AUX COMMERCANTS | CHAPITRE 2 DES CONDITIONS INHERENTES AUX COMMERCANTS |
| Article 20.-<br><br>Toute personne physique ou morale constituée en association, en coopérative ou en société peut librement exercer toute activité de commercialisation du toaka gasy sous réserve du respect des conditions prescrites par les dispositions législatives et réglementaires notamment celles relatives à la réglementation de la | Article 20**.- Tout producteur de toaka gasy peut librement commercialiser ses produits au niveau de la commune d'implantation.**<br><br>Toute personne physique, morale constituée en **société de** coopérative, en société peut librement exercer toute activité de commercialisation du toaka gasy **en dehors de la localité prévue à l'alinéa précédent** sous réserve du respect des conditions prescrites par les dispositions législatives et |

| | |
|---|---|
| concurrence.<br><br>Le stade de distribution réellement occupé ainsi que les modalités de vente du toaka gasy, qu'il s'agisse d'une vente sous emballage ou en vrac doivent être inscrits sur les documents administratifs. | réglementaire **en vigueur.** |
| Article 21.- Entre commerçants, tout achat de toaka gasy doit faire l'objet d'une facturation. Le vendeur est tenu de délivrer la facture dès la réalisation de la vente ou de la prestation de service et l'acheteur doit la réclamer.<br><br>La facture doit être rédigée en deux exemplaires au moins.<br><br>Le vendeur et l'acheteur sont tenus de conserver les documents commerciaux et comptables pour une période fixée par la loi fiscale.<br><br>Les documents doivent correspondre aux écritures comptables.<br><br>L'omission des mentions obligatoires, l'utilisation de factures en dehors des formes prévues par les textes réglementaires, l'usage de toute forme de facturation tendant à fausser la transparence de la transaction sont assimilés à l'absence de facturation | Article 21**.-** Entre commerçant**,** tout achat de toaka gasy doit faire l'objet d'une facturation. Le vendeur est tenu de délivrer la facture dès la réalisation de la vente et l'acheteur doit la réclamer.<br><br>**LE RESTE SUPPRIME** |
| Article 22.- Seuls les produits industriels ou artisanaux déclarés conformes aux normes, exigences techniques et qualitatives spécifiques rendues obligatoires ainsi qu'à la réglementation générale d'ordre public ont libre circulation sur le territoire national. | **SUPPRIME** |
| CHAPITRE 3 : DU LIEU DE VENTE | CHAPITRE 3 : DU LIEU DE VENTE |
| Article 25.- Toute vente de toaka gasy peut se faire en tout autre lieu autre que les débits de boissons, sous réserve d'être un lieu accessible au public et disposant d'un certificat d'existence et sous réserve des | Article 25**.-En dehors des débits de boisson, la vente de toaka gasy peut se faire sous réserve de l'obtention d'un certificat d'existence délivré par le président du fokontany et sous réserve des conditions** |

| | |
|---|---|
| conditions d'exercices exigées par la présente loi. | **d'exercice exigées par la présente loi .** |
| Article 26.- La vente du toaka gasy peut avoir lieu sur des marchés spécifiques dits «marchés du toaka gasy» dont les modalités seront fixées par voie réglementaire.<br><br>Ces marchés sont institués sous la responsabilité de la Commune où a lieu la vente. | Article 26.- la vente du toaka gasy peut avoir lieu sur des marchés spécifiques dits «marché du toaka gasy» **conformément aux dispositions de la loi sur les collectivités territoriales décentralisées.**<br><br>Ces marchés sont institués sous la responsabilité de la Commune où a lieu la vente**.** |
| Article 27.- La vente de toaka gasy à l'occasion des festivités particulières dans une localité est soumise à l'obtention d'une licence foraine octroyée par le Maire de la Commune du lieu de vente. | Article 27**.-** la vente de toaka gasy à l'occasion des festivités particulières dans une localité est soumise à l'obtention d'une licence foraine octroyée par le maire de la commune du lieu de vente **dont les modalités seront fixées par voie règlementaire** |
| CHAPITRE 4 DE L'AUTORITE COMPETENTE EN MATIERE DE COMMERCIALISATION | CHAPITRE 4 DE L'AUTORITE COMPETENTE EN MATIERE DE COMMERCIALISATION |
| Article 28.- La commercialisation du toaka gasy est conditionnée par l'obtention d'un certificat de consommabilité délivré par le Ministère en charge de la Santé publique et d'une autorisation de mise sur le marché délivrée par le Ministère en charge du Commerce.<br><br>Cette autorisation est octroyée par le service déconcentré en charge de la santé publique et de la mise sur le marché après arrêté communal de la commune d'implantation. | Article 28.- **Au-delà du stade de production, la commercialisation du toaka gasy est conditionnée par l'obtention d'un certificat de consommabilité, d'un certificat d'immatriculation délivré par le Ministère en charge de la santé publique et une Autorisation de Mise sur le Marché (AMM) délivrée par le Ministère en charge du Commerce.**<br><br>**La violation du circuit de distribution entraine la suspension ou le retrait d'autorisation de production pour le producteur ou de l'Autorisation de Mise sur le Marché (AMM) pour les autres acteurs.** |
| Article 29.- Afin d'assurer l'unité de gestion et de données relatives au secteur du toaka gasy, l'octroi, la suspension et le retrait de toutes formes d'autorisation de mise sur le marché dudit produit relèvent du Ministère en charge du Commerce. | Article 29**.- Afin d'assurer la régulation et le suivi du secteur du toaka gasy, il est créé un registre au niveau de chaque service en charge du commerce retraçant toutes les données relatives à l'autorisation de mise sur le marché dudit produit dans son** |

| | |
|---|---|
| | **ressort.** |
| Article 30.- Tout lot de fabrication de toaka gasy doit faire l'objet d'un certificat de consommabilité délivré par le Ministère en charge de la Santé ainsi que d'une autorisation de mise en vente sur le marché délivrée par le Ministère en charge du Commerce | Article 30**.- Chaque** lot de fabrication de toaka gasy doit faire l'objet d'un certificat de consommabilité **et d'un certificat d'immatriculation** délivré par le Ministère en charge de la santé ainsi que d'une **A**utorisation de **M**ise sur le **M**arché (AMM) délivré par le Ministère en charge du Commerce. |
| TITRE IV : DES OBLIGATIONS FISCALES | TITRE IV : DES OBLIGATIONS FISCALES |
| Article 31.- Les prélèvements perçus dans le cadre de la production, et de la commercialisation du toaka gasy sont classés parmi les revenus fiscaux des Communes d'implantation de leur production ou de leur commercialisation.<br><br>A cet effet, les dispositions de la Loi n°2014 -020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes sont applicables au présent titre. | Article 31**.- Taoka gasy destinés à la vente locale sont soumis à un prélèvement qui profite au Communes.**<br><br>**Les tarifs en sont fixés annuellement conformément aux dispositions de la loi relative aux ressources des Collectivités territoriales décentralisées.** |
| Article 32.- Le montant des impôts de licence de vente du toaka gasy est fixé par délibération de l'organe délibérant de la commune dans la limite du montant déterminé par la loi de finances.<br><br>L'affectation du produit des impôts de licence est effectuée conformément à la loi en vigueur | Article 32.- **Le produit des impôts de licence foraine est perçu au profit de la commune du lieu de son exploitation. Le tarif doit être prévu par les dispositions légales en vigueur.** |
| Article 33.- Le produit des impôts de licence foraine est perçu au profit de la commune du lieu de son exploitation. Le tarif doit être prévu par une loi de finances. | Article 33.- **Le montant des impôts de licence de production et de vente du toaka gasy est soumis à la taxation spécifique déterminée par la loi de finance.** |
| TITRE V- DES INFRACTIONS, DE LEURS POURSUITES ET SANCTIONS | TITRE V- DES INFRACTIONS, DE LEURS POURSUITES ET SANCTIONS |

| | |
|---|---|
| CHAPITRE 1 DE LA CATEGORIE DES INFRACTIONS | **CHAPITRE 1 DES INFRACTIONS** |
| Article 34.- Le non-respect des dispositions relatives à la production ou à la commercialisation du toaka gasy engage la responsabilité pénale de l'auteur de l'infraction. Toute personne s'estimant victime des infractions à la présente loi peut se constituer partie civile. Le cas échéant, la responsabilité civile de l'infracteur sera engagée. | Article 34.- **Toute personne qui se livre à la production de toaka gasy, sans avoir l'autorisation délivrée par la Commune, conformément à l'article 4 de la présente loi et dont la quantité est supérieure ou égale à cent (100) litres est punie d'une amende de 10.000 Ariary par litre de toaka gasy fabriqué.** |
| Article 35.- Les infractions relatives à la production et à la commercialisation du toaka gasy sont :<br>- les délits relatifs à la production ;<br>- les délits relatifs au non-respect des conditions de commercialisation ;<br>- les délits relatifs à l'obligation de facturation et de transparence ;<br>- les délits relatifs au non-respect de l'obligation d'étiquetage. | Article 35.- **Tout commerçant qui, sciemment, en tout ou en partie, acheté des toaka gasy d'une quantité supérieure à cent (100) litres auprès d'un producteur non autorisé est puni d'une amende de 10.000 Ariary par litre de toaka gasy acheté.** |
| Article 36.- Toute violation des articles relatifs à la production artisanale du toaka gasy est punie d'une amende de 20 000 Ariary à 100 000 Ariary.<br><br>Cette sanction peut être assortie d'une suspension d'activité d'une durée maximale de six mois. | Article 36.- **Tout producteur ou commerçant, aura occasionné à autrui une maladie ou une incapacité de travail personnel, en lui administrant volontairement de quelque manière que ce soit des substances dans le toaka gasy, sans être de nature à donner la mort mais nuisible à la santé est passible d'une peine d'emprisonnement de 1 mois à 5 ans et/ou d'une amende de 12.000 Ariary à 540.000 Ariary ;** |
| Article 37.- Le non-respect des conditions de la production industrielle du toaka gasy est puni d'une amende de 500 000 Ar à 5 000 000 Ariary.<br><br>Cette sanction peut être assortie d'une | Article 37.- **Sont punies d'une peine d'emprisonnement de trois mois à deux ans et d'une amende n'excédant pas cinq fois le montant incriminé sans être inférieur à 150.000 Ariary ou de l'une de ces deux** |

| | |
|---|---|
| mesure administrative portant sur une suspension d'activité | **peines seulement la vente de produit non conformes aux normes de production de Toaka gasy tel que prévu par l'article 10 de la présente loi.** |
| Article 38.- Le non-respect des conditions d'exercice de l'activité de commercialisation du toaka gasy est puni d'une amende de 500 000 Ariary à 5 000 000 Ariary.<br><br>Cette sanction peut être assortie d'une mesure administrative de suspension d'activité | Article 38.- **La violation des conditions de commercialisation, notamment, le défaut d'agrément de dépôt, le défaut de certificat de consommabilité et d'autorisation de mise sur le marché et le défaut de facturation, est punie d'une amende de 10.000 ariary par litre de toaka gasy constaté.** |
| Article 39.- Le non-respect des obligations de facturation, de la transparence de la transaction et du circuit de distribution est puni d'une amende équivalant à 2 à 5 fois la valeur incriminée, sans pouvoir être inférieure à 20 000 000 Ariary. | Article 39.- **- Le non-respect des obligations relatives à l'étiquetage et toute information mensongère donnée au consommateur est puni d'une peine d'emprisonnement de trois mois à deux ans et d'une amende n'excédant pas cinq fois le montant incriminé sans être inférieur à 500 000 Ariary ou l'une de ces deux peines seulement.** |
| Article 40.- Le non-respect des obligations relatives à l'étiquetage est puni d'une peine d'emprisonnement de trois mois à deux ans et d'une amende n'excédant pas cinq fois le montant incriminé, sans pouvoir être inférieure à 500 000 Ariary ou de l'une de ces deux peines seulement. | **SUPPRIME** |
| CHAPITRE 2 DE LA PROCEDURE | CHAPITRE 2 : DE LA PROCEDURE |
| | **Section 1 (nouveau) : De l'enquête** |
| Article 41.- Relève de la compétence des agents dûment commissionnés et assermentés du Ministère en charge du Commerce la constatation et la poursuite des infractions relatives à la commercialisation du toaka gasy. | Article **41.-** Relève de la compétence des agents dûment commissionnés et assermentés du Ministère en charge du commerce la constatation des infractions **prévus par les articles 36, 37,38 et 39 de la présente loi.**<br><br>**La constatation des infractions prévues par les articles 36 et 37 se fera selon les dispositions du Code de Procédure pénale.** |

| | |
|---|---|
| Article 42.- Les dispositions de la Loi n°2018-020 sur la concurrence du 23 août 2018 seront applicables en ce qui concerne l'enquête et la poursuite des infractions relatives à la commercialisation du toaka gasy. | Article 42.- **Les dispositions de la loi sur la concurrence et de la loi sur la protection des consommateurs en vigueur sont applicables en ce qui concerne l'enquête des infractions prévues aux articles 36, 37,38 et 39 de la présente loi.** |
| | **Section 2 ( nouveau) : De la poursuite** |
| Article 43.- Relève de la compétence des agents dûment commissionnés et assermentés du Ministère en charge de l'Industrie la constatation et la poursuite des infractions relatives à la fabrication industrielle du toaka gasy. | Article 43.- **Les infractions prévues par la présente loi sont poursuivies devant les juridictions de droit commun.**<br><br>**Toutefois les infractions prévues par les articles 36,37,38 et 39 peuvent être réglées par voie administrative. A cet effet, le Ministre chargé du Commerce avec possibilité de subdélégation, peut prendre les mesures administratives nécessaires en offrant au délinquant le bénéfice d'un règlement transactionnel.** |
| Article 44.- Les dispositions de la loi sur le développement de l'industrie seront applicables en ce qui concerne l'enquête et la poursuite des infractions relatives à la fabrication industrielle du toaka gasy. | Article 44.- **Le paiement de la transaction vaut acquiescement et emporte extinction de l'action publique, s'il intervient dans un délai d'un mois à compter de la notification de la décision de transaction à l'intéressé. Dans tous les cas, les autorités signataires de la décision ou de l'acte de transaction sont tenues, dès lors que les infractions sont constituées, de se conformer aux propositions émises par un organe établies selon des critères de collégialité représentant au moins les corps de contrôle économique et les autorités signataires.** |
| Article 45.- Pour tout ce qui n'est pas prévu par les dispositions de la présente loi, il est fait application du Code de procédure pénale. | Article 45.- **Les décisions de transaction doivent statuer sur le sort des objets saisis. À défaut, l'acte constatant la transaction emporte mainlevée d'office. Les modalités d'application sont fixées par voie réglementaire.** |
| Article 46.- Pour tout ce qui n'est pas prévu aux dispositions du présent Chapitre, il est fait application des dispositions du Code de procédure pénale malagasy. | Article 46.- **A l'expiration du délai imparti ci-dessus ou en cas de refus notifié de la transaction, le Ministre chargé du commerce transmet l'affaire au Procureur de la** |

| | |
|---|---|
| | **République.** |
| TITRE VI DISPOSITIONS FINALES | TITRE VI  DISPOSITIONS FINALES |
| Article 47.- Des textes réglementaires fixeront, en tant que de besoin, les modalités de l'application de la présente loi | **Article 47 Pour tout ce qui n'est pas prévu par les présentes dispositions de la présente loi, il est fait application du Code de Procédure Pénale Malagasy, de la loi relative à la concurrence et à la protection des consommateurs en vigueur.** |

**- 4-**
**- Fanitsiana ny tatitra -**

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra an'Andriamatoa Mpampakateny isika nitondra izay tatitra izay.

Iangaviana mba hanangan-tànana raha misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra novakiana teo.
Tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny isika, fa fanamarihana na fanitsiana ny tatitra izay natao tany amin'ny asam-baomiera. Avy amintsika Solombavambahoaka aloha, aorian'izay vao ny solotenan'ny Governemanta

Iangaviana hanangana ny tànany izay handray fitenenana sady manonona ny anarany.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, voafidy tao Ambositra, manaraka azy ny Solombavambahoaka ANDRIANIRINA Narcis, avy eo ny Solombavambahoaka RAMANANARIVO Handry Orlando.

**Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges**
Mankasitraka, mankatelina Andriamatoa Filoha.

Mamerina ny fiarahabana anao sy ny mpikambana eo anivon'ny Birao Maharitra.
Miarahaba antsika Solombavambahoaka namana tonga amin'ity fivoriana ity.
Miarahaba ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ihany koa.

Araka ny voalaza teo, ny antony anaovantsika ity Tolo-dalàna ity dia mba hisian'ny fahalalahana mahakasika ny famokarana sy fivarotana toaka gasy eto amin'ny tany sy ny firenena. Fantatsika fa manana anjara-toerana lehibe izany toaka gasy izany amin'ny lafiny sosialy, indrindra fa amin'ny lafiny ara-toekarena.

Ny zavatra hita dia efa maro ny toaka gasy miparitaka sy vokarina eto amin'ny firenena kanefa tsy misy ny lalàna milaza fa tsy azo atao; ny lalàna momba ny tetibola laharana faha-2011-015 tamin'ny 28 Desambra 2011, ao amin'ny andininy faha-20.01.58 dia tsy mazava ary tsy voafaritra tsara hoe iza no afaka mahazo izany fahazoan-dàlana izany. Inona no fepetra takiana amin'izany ary iza koa ireo rafitra manome izany.

Noho izany, betsaka ny mpamokatra sy mpivarotra toaka gasy no enjehin'ny mpitandro filaminana, izany dia miendrika fandrarana ny famokarana na fivarotana toaka gasy eto amin'ny tany sy ny firenena. Betsaka anefa ny vahoaka misehatra amin'ny toaka gasy mba ahafahan'izy ireo mampiana-janaka, mitsabo tena, indrindra amin'ny resaka sakafo sy ny adidy misy eny anivon'ny tantsaha. Miteraka fatiantoka eo anivon'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana koa...

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Azafady Andriamatoa Solombavambahoaka, mbola eto ny Mpampakateny, manana ambara ve isika amin'ny zavatra tokony ahitsy. Afaka mandray fitenenana koa ianao rehefa avy eo mikasika ny famelabelarana tianao hatao.

**Andriamatoa RAZAFINDRAMASY Faralahy Célestin**
Mahakasika ny tatitra teo tsy misy ahitsy fa saika hanao ny famelabelarana ny tenako.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mbola misy Solombavambahoaka handray fitenenana dia avy eo isika miditra amin'ny adihevitra.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka ANDRIANIRINA Narcis, voafidy tao Mahabo.

**Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.
Miarahaba anareo ao amin'ny Birao Maharitra, isika Solombavambahoaka namana, ianareo teknisiana rehetra.

Fanamarihana no hataoko, amin'ny famakiana ny hoe ireto ny mpikambana ao amin'ny «commission juridique» nanatrika ny asam-baomiera; gaga ny tenako satria nanatrika tao nanditra ny 3 andro aho kanefa tsy ao ny anarako, sahalan'ny tsy misy dikany ny nipetrahanay tao anatin'izay andro maromaro izay, ny «fiche de présence» anie nazava tao; maromaro angamba ny namako voakasik'izay.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Zava-dehibe izany satria miditra ao anatin'ny tantara, isaky ny misotrosotro ry zalahy dia mahatsiaro hoe iza no niasa tao.

Fanamarihana manaraka, ny Solombavambahoaka RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mamerina ny fiarahabana anareo mambra ao amin'ny Birao Maharitra sy ny teknisiana avy ao amin'ny Governemanta ary isika Solombavambahoaka rehetra tonga eto androany.

Fanampin'ny fanamarihana mikasika ny tatitra.
Fanamafisana momba ireo mpikambana ao amin'ny «commission juridique» tonga nanatrika ny asam-baomiera. Betsaka ny anarana tsy voasoratra ato, anisan'izany ny Filohan'ny Vaomiera ANDRIANIRINA Narcis, tao ihany koa ny Solombavambahoaka voafidy tao Ivohibe, tao ny Solombavambahoaka voafidy tao Vohipeno, ny Solombavambahoaka voafidy tao Marovoay. Izany hoe maromaro izahay tonga nanatrika tao kanefa tsy voasoratra ato anaty tatitra, ka tsara ny handrafetana izay ato.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra, Ramatoa Solombavambahoaka.

Raha tsy misy intsony ny Solombavambahoaka manana fanamarihana dia omena ny avy ao amin'ny Governemanta ny fitenenana raha misy tiany ambara mikasika ny tatitra novakian'ny Mpampakateny teo.

**Andriamatoa RAZANAKOTO Isidore, Tale Jeneralin'ny Varotra, Minisiteran'ny Indostria sy ny Varotra**
Mankasitraka, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana

Faly miarahaba antsika rehetra ato anatin'ny trano fivoriana.

Misy fanamariana roa hitanay teknisiana solotenan'ny Governemanta.
Voalohany, mikasika ny anaran'ny «Directeur Général de l'Industrialisation», RAZAFINDRAZAKA Naina no izy, fa tsy RAZAFINARAZAKA araka ny voasoatra ato anaty tatitra.

Faharoa, mikasika ny fanamarihana azo avy amin'ny mpivory, teboka farany: tokony hatsangana ny «bureau des normes» ho an'ny toaka gasy. Nahazo fanamarihana avy amin'ny teknisiana namana izahay fa «comité technique de normalisation» ho an'ny toaka gasy no izy. Misy ny «partie prenante» rehetra ao aminy toy ny solotena avy amin'ny mpanjifa, ny avy amin'ny Governemanta ary ny avy ato amin'ny mpanao lalàna.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mankasitraka amin'ny fandraisam-pitenenana.
Mbola misy hanampy ve.

Vita ny fanamarihana sy ny fanitsiana ny tatitra, koa miangavy ny teknisiana handray sy hanitsy an'izay zavatra izay.

Mialohan'ny hirosoantsika amin'ny adihevitra dia omena fitenenana Solombavambahoaka nanolotra ity Tolo-dalàna ity dia Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra mba hitondra fanazavana mikasika izany.

Omena fitenenana ianao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

**- 5 -**

**- Fanazavana ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2025/PL -**

**Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges**
Mankasitraka, Andriamatoa Filoha.

Voalohany indrindra, tohin'ny efa nataoko teo amin'ny hoe ny mahazava-dehibe ny toaka gasy. Voalazantsika teo fa anisany manana anjara toerana lehibe amin'ny lafiny ara-kolotsaina ny toaka gasy, indrindra amin'ny lafiny ara-toekarena.
Ny mahazava-baovao an'ity Tolo-dalàna ity dia ny fananany tanjona ho fanalalahana ny sehatry ny toaka gasy. Eo anatrehan'izay anefa, apetraka ny fepetra mba tsy ho baranahany, eo koa ny fitandroana ny kolotsaina Malagasy izay voizin'ny toaka gasy.

Omen-danja koa ny toaka gasy amin'ny fanatsarana ny kalitao sy ny vidiny eo an-tsena. Fametrahana ny fenitra amin'ny famokarana ny toaka gasy, indrindra ny fametrahana ny rafitra na ny «autorité compétente» mpiantoka ny fampiharana izao Tolo-dalàna izao. Fametrahana ihany koa ireo fepetra rehetra ahafahana miditra amin'ny sehatry ny toaka gasy. Voalaza teo ny fanamarihana ny fidiram-bola amin'ny kitapom-bolam-panjakana sy ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Ny mampiavaka ity Tolo-dalàna ity koa dia ny fifehezana ny famokarana sy ny fivarotana toaka gasy, indrindra ny fisorohana ny fanjifana toaka gasy izay mety hampidi-doza ho an'ny fahasalaman'ny mpanjifa. Ao ihany koa ny fiarovana ny zon'ny mpanjifa amin'ny alàlan'ny fametrahana «étiquetage» mba ahafahan'ny mpanjifa mahalala bebe kokoa ny vokatra, indrindra ny fampahafantarana ny mpanjifa raha toa ka misotro diso tafahoatra ny toaka gasy izy ka mety hanimba ny fahasalamany.

Izay angamba no azo ambara mikasika ity Tolo-dalàna ity. Ny zava-baovao entin'ity Tolo-dalàna ity raha oharina tamin'ireo nentin'ny Solombavambahoaka teo aloha dia ny fananana antoka bebe kokoa amin'ny tsy hahabaranahany ny fanalalahana izay azo lazaina fa zava-dehibe amin'ny sehatry ny toaka gasy. Napetraka ny fepetra sy ny arofanina samihafa vao afaka mamokatra sy mivarotra toaka gasy. Napetraka ny «traçabilité» sy ny «circuit» toaka gasy eny an-tsena izay manamora ny fikarohana ny fisian'ny fandikan-dalàna. Ny sazy amin'ny fandikana ny lalàna velona izany, indrindra napetraka koa ireo rafitra mahefa mikasika ity «secteur» ity. Nezahana narindra ny fahefan'izy ireo mba tsy hisian'ny fifanitsahana andraikitra na ny mety ho fanararaotam-pahefana.

Izay no famelabelarana azoko entina sy ambara mikasika ity Tolo-dalàna ity, Andriamatoa Filoha.
Misaotra antsika rehetra.

- Tehaka -

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Isaorantsika, Andriamatoa Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Ambositra tamin'izay famelabelarana nentiny tamintsika teo izay.

Omena fitenenana ny solotena eo anivon'ny fahefana mpanatanteraka, ny avy ao amin'ny Governemanta izay tonga eto mba ahafahan'izy ireo manambara ny heviny mikasika ity Tolo-dalàna ity.

**- 6 -**

**- Fandraisam-pitenenan'ny solotenan'ny Governemanta -**

**Andriamatoa RAZANAKOTO Isidore, Tale Jeneralin'ny Varotra, Minisiteran'ny Indostria sy ny Varotra**

Mankasitraka, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Raha izahay teknisiana misolotena ny «département technique» voakasik'ity Tolo-dalàna momba ny toaka gasy ity dia teboka vitsivitsy no tianay hotsindriana ao anatin'ny fanamarihana izay entinay eto.

Ny teboka voalohany amin'izany dia ny fenitra fanarahana ny lalàna izay nambaran'ny Mpitondrateny teo mikasika ny fampahafantarana sy ho fiarovana ny mpanjifa. Eo ny «norme d'étiquetage» izay fampahafantarana ny mpanjifa. Ny Lalàna mikasika ny fiarovana ny mpanjifa no milaza izany. Ao anatin'izay koa ny resaka ara-pahasalamana. Misy ny Lalàna ara-pahasalamana milaza ny fepetra tokony harahana mba hampanaraka ny fenitra misy eto an-toerana na ny iraisam-pirenena ny toaka gasy.

Manarak'izay, momba ny «traçabilité» nambaran'ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna teo. Zava-dehibe ny «traçabilité» satria ny fahalalana ny làlana manomboka any amin'ny famokarana ka hatrany amin'ny fivarotana sy ny fipariahan'ny toaka gasy eny amin'ny mpanjifa. Efa hita sy voadinika tao anatin'ny Tolo-dalàna izay zavatra izay.

Ny teboka manaraka, ankoatran'ny sazy sy ny fanenjehana ny tsy fanarahan-dalàna momba ny seha-pihariana toaka gasy. Ny teboka lehibe iray mifandray amin'ny Politika ankapoben'ny fanjakana dia ny resaka «industrialisation» sy ny «transformation économique». Nanamarika hatrany izahay avy atỳ amin'ny sehatra teknika mikasika an'izay satria ny «mode de production» misy eto amintsika raha ny Lalàna misy no jerena dia «production artisanale». Ny «production industrielle et semi-industrielle» izany notsoahana tato anatin'ity Tolo-dalàna ity. Tsara ho marihana ihany fa ao anatin'ny fampiharana ny Lalàna sy ny politika ankapoben'ny fanjakana no misy an'izay. Tsara raha raisina ato anatin'ity Tolo-dalàna ity izay zavatra izay.

Izay, Andriamatoa Filoha, amin'ny ankapobeny no fanamarihana avy amin'ny teknisiana.

Mankasitraka nanome ny fitenenana, Tompoko.

**- 7 -**
**- Adihevitra ankapobeny -**

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Ankasitrahana ianareo eo anivon'ny fahefana mpanatanteraka nitondra an'izay fanazavana izay.
Hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny isika, koa iangaviana ny Solombavambahoaka handray fitenenana mba hanangana ny tànany ary hilaza ny anarany sy ny laharany.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka RATSIRAKA Sophie Soamiadana, ny Solombavambahoaka MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, ny Solombavambahoaka BARINIAINA Fidy, ny Solombavambahoaka BEFENO Todimanana Aymar Hyancinthe, ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Augustin, ny Solombavambahoaka SAORY Christian.

**Ramatoa RATSIRAKA Sophie Soamiadana**
Miarahaba am-panajana antsika rehetra manatrika eto tsy anavahana.

Solombavambahoaka RATSIRAKA Sophie Soamiadana, laharana faha-122, voafidy tao Vatomandry.

Raha handray fitenenana eto ny tenako dia amin'ny mahampiaro ny mpanao asa tànana ahy satria asa tànana ny fanaovana toaka gasy. Nisy ny famerana ny fanaovana toaka gasy kanefa nanamboatra an'izany foana ny Malagasy hatramin'izay ka hatramin'izao. Mba tsy itenenako ny Lalàna momba ny resaka «avortement» dia mbola tsy nivoaka. Mialatsiny ny tenako, tsy mahazo manao an'izany eto Madagasikara kanefa isika mahafantatra fa manao «avortement» ihany ny Malagasy.

Te-hiteny ny tenako hoe tamin'ny andro taloha, efa nisy ny «prohibition»-n'ny fanaovana «alcool frelaté» tahaka ny toaka gasy hatramin'ny taona 1920. Nahita ny Amerikana tamin'ny taona 1933 dia najanona, natao manara-penitra araka ny voalazan'ny namana nanolotra ity Tolo-dalàna ity. Tsy hitako mihitsy ny tokony haharatsy ny fanamboarana toaka gasy rehefa ampahafantarina ny mpanamboatra eny ifotony hoe ireto sy ireto no antony tsy amelàna azy malalaka. Ny antony, satria rehefa mipetraka any amin'ny atidoha ny «méthanol» dia mety mahatonga fahajambana ka mahalasa adala. Ampahafantarina ny antony tokony hanarahany ny fomba fanamboarana toaka gasy. Rehefa mipetraka ny «processus», rehefa mipetraka ny «norme» fanamboarana toaka gasy, tsy hitako ny antony tsy hifidianantsika ity Tolo-dalàna ity. Ny mety ho olana, angamba tsara raha apetratsika any aoriana kely ny fanaraha-maso sy ny tsy fahafahan'ny miaramila manao kolikoly. Matetika hitantsika ny akora fototra amin'ny fanaovana asa tànana anaovan'ny mpitandro filaminana kolikoly.

Mankasitraka Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra anao, Ramatoa Solombavambahoaka.
Omena fitenenana ny Solombavambahoaka MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa.

**Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa**
Mankasitraka, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.
Miarahaba am-panajana ireto teknisiana misolotena ny Minisitera izay voakasik'ity Tolo-dalàna ity; tongasoa eto amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena.

Fanamarihana telo no entiko.
Fanamarihana voalohany, mitodika amintsika Solombavambahoaka namana tsy am-pisalasalana ny tenako. Raha mahatsiaro ny Lalànan'izany toaka gasy izany isika, efa intelo miatoana amin'ity «mandat» ity no miditra eto amin'izao Andrimpanjakana izao ny Lalàna momba ny toaka gasy. Raha nahatsikaritra isika tamin'iny Lalàna farany iny, efa lany teto anivon'ny Antenimierampirenena izany saingy nihitsoka rehefa tonga any amin'ny Antenimierandoholona.

Te-hamerina ny antso amintsika aho satria raha miresaka ny atao hoe toaka gasy dia Malagasy. Isika Solombavambahoakan'i Madagasikara, reharehantsika Malagasy ny famokarana. Efa betsaka ny «whisky» sy ny toaka vahiny tonga eto Madagasikara. Miantso antsika ny tenako, andao isika hanandratra ny mahamalagasy antsika. Miantso antsika Solombavambahoaka aho, andao isika hifidy tsy am-pisalasalana ity toaka gasy ity mba ho reharehan'ny Malagasy, mba ho ady ho an'ireo tantsahantsika any anaty kininina sy any an-tanimbary izay mamokatra toaka gasy kanefa mitebiteby lava rehefa eny an-dàlana. Miantso antsika rehetra ny teneko mba ho reharehan'i Madagasikara ny fandaniana an'ity. Tsy handraraka ilo mby an-doha ho an'ireo zoky nitondra teo aloha isika.

Faharoa, raha miresaka toaka isika, anisan'ny niteraka adihevitra be hatramin'izay ny hoe tsy manaraka «norme» ara-pahasalamana sy eo amin'ny tontolon'ny varotra izany.
Mitodika aminareo teknisiana izahay, mandresy lahatra ihany koa fa raha mijery ity Tolo-dalàna ity isika dia saika voavaly ato avokoa ny fanontaniana izay manitikitika antsika. Ohatra eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana izay niteraka adihevitra be ny resaka «degré»-n'ny toaka gasy; efa voafaritra ao amin'ny andininy faha-12 izany, efa mahazo mandry isika ao anatin'izany.

Ny tontolon'ny fiarovana ny mpivarotra sy ny mpanjifa, ao amin'ny andininy faha-12 ka hatramin'ny andininy faha-19 dia efa voavaha. Efa nahitsy ary milamina izany.
Ny resaka tamberin'andraikitra ho an'ny fitondram-panjakana, ny Kaominina sy ireo rafitra rehetra, voavaly ao amin'ny andininy faha-31 sy faha-33. Ny farany, ireo heloka rehetra mikasika ny toaka gasy dia ny andininy faha-34 hatrany amin'ny faha-40.

Te-hilaza ny tenako androany, fa ny ahiahy rehetra momba ny toaka gasy dia efa novaliana ao anatin'ireto fanitsiana rehetra ireto. Koa miantso ny fahefana mpanatanteraka izahay mba tsy ho vato misakana, fa ho tànana miara-mandray isika, ho tongotra miara-mamindra ao anatin'izy ity satria ny asam-baomiera, izay isaorako manokana ny «commission juridique», efa namaliana ireo fanamarihana rehetra; toy ny Minisiteran'ny Fahasalamana, ny Minisiteran'ny Fitsarana izay nanome fanamarihana izay nahatonga ny sakana rehetra hatramin'izay. Efa voavaly ato avokoa ireny, Tompoko.

Andao isika hiara-hiombona amin'ity mba ho fiarovana ny mpamokatra Malagasy sy ny vahoaka Malagasy.
Miantso antsika rehetra, andao holaniantsika izy ity fa tsy asiana resaka lavabe intsony.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka, tamin'ny fandraisam-pitenenana nataonao.

Omena ny Solombavambahoaka BARINIAINA Fidy, voafidy tao Manjakandriana ny fitenenana.

**Andriamatoa BARINIAINA Fidy**
Misaotra Tompoko.
BARINIAINA Fidy, voafidy tao Manjakandriana.

Mankasitraka, Andriamatoa Filoha, ianareo avy ao amin'ny Governemanta, ianareo Solombavambahoaka rehetra.

Raha jerena ny asam-baomiera sy ny fizotran'ny adihevitra dia mizotra mankany amin'ny fandaniana ity Tolo-dalàna ity isika. Izahay anefa dia manana ahiahy lehibe eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana satria araka ny voalazan'ny OMS dia ilaina ny fahasalamana ara-batana, ara-tsaina sy ara-piaraha-monina.

Rehefa nojerena ny ao amin'ny takila faha-5, nesorina ny famokarana ara-indostrialy amin'ity Tolo-dalàna ity. Ao amin'ny takila faha-4 dia milaza fa izay mamokatra mihoatran'ny 100 litatra no tsy maintsy mahazo alàlana avy amin'ny Kaominina, fa ny latsaky ny 100 litatra dia tsy maninona. Ny dikan'izany, afaka manao daholo ny isan-tokantrano. Raha ny isan-tokantrano no manao, tsy ho voahaja ny «norme», tsy ho fantatra hoe ahoana no fanaovana azy, ahoana ny «degré»-ny satria tsy misy milina ahafahana manara-maso izany. Midika izany fa betsaka ny voka-dratsy azo avy amin'ny toaka ary tsy misy hilaza hoe mahasalama ny toaka. Rehefa misotro toaka ianao, tsy maintsy mitohy foana ny fahazarana amin'izany. Izay no mahatonga «cirrhose du foie» izay mitovy amin'ny homamiadana. Mialatsiny aho fa izao, rehefa misotro ny olona, tsy vitan'ny misotro vetivety fa mitombo foana io, lasa fahazarana ny farany.

Ny fahasalamana ara-piaraha-monina, amin'ireny fanolanana ireny dia tsy maintsy misotro kely vao manao an'ireny ny olona, ny vaky trano, ny loza amin'ny «moto» sy ny fiara, ny halatr'omby. Rehefa hitombo ny famokarana dia hisy toaka gasy isaky ny tsena fivarotana, hisitro ny mpianatra, torak'izany koa ny mpiasa. Hitombo ny «divorce» satria rehefa mamo ao an-trano tsy hisy tokantrano hilamina. Izany hoe ny toe-tsaina amin'ny ankapobeny mihitsy no………

- Tabataba -

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Azafady, malalaka ny fanehoan-kevitra, ka aleo hifanaja isika samy Solombavambahoaka. Aleo vitainy hatramin'ny farany ny fandraisam-pitenenany dia manao fanamarihana ianareo avy eo sady manangan-tànana.

**Andriamatoa BARINIAINA Fidy**
Marina izany, aleo mba samy hiteny daholo.
Mangataka ny tenako raha azo atao, aleo hatao latsa-bato miafina ny fandaniana azy ity. Amiko, tsy mahasalama izany toaka izany.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Isaorana ny Solombavambahoaka voafidy tao Manjakandriana.
Ny hevitra tera-bary.

Efa nisy fandaharana teo, aleo vitaintsika ny andiany voalohany, avy eo manangan-tànana indray isika.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka vofidy tao Antsohihy, BEFENO Todimanana Aymar Hyachinthe, avy eo ny Solombavambahoaka voafidy tao Marolambo.

**Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyachinthe**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.
Miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra. Miarahaba ny teknisiana solotenan'ny Governemanta manatrika eto.

Voalohany, fisaorana no atolotra ny namana Solombavambahoaka voafidy tao Ambositra nanolotra ity Tolo-dalàna ity izay tena ilaintsika, ilain'ny vahoaka Malagasy.
Tsy olan'ny vahoaka any Ambositra irery io resaka io fa manerana an'i Madagasikara.
Amin'ny maha Solombavambahoaka ny tenako, voafidy tao amin'ny Distrikan'Antsohihy, mahatsiaro an'Itompokolahy DJAO Jean izahay, Solombavambahoaka nandritry ny 30 taona latsaka, niady handany an'ity resaka toaka gasy ity. Ny tenako no nandimby azy; na dia niady nandritra ny taona maro aza izahay dia mahatsiaro azy androany. Ady nataony teto anivon'ny Antenimierampirenena io resaka toaka gasy io.

Raha hitanareo ny tatitra nataon'ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Lalàna teo, hita ireo andininy miisa 49, fa efatra ihany no tsy nokitihana. Ny dikan'izany, naresaka ny adihevitra tao anatin'ny asam-baomiera ary naharitra andro maro izany. Maro ny hevitra tsy mitovy, fa ny marimaritra iraisana dia ity Tolo-dalàna nasiam-panitsiana izay natolotra antsika Solombavambahoaka eto androany ity.
Ohatra amin'izany ny tahan'ny alikaola amin'ny toaka gasy. Anisan'ny nangataka ny tenako hoe aleo ampiakarina ho 60% izy io satria lohatoaka; maro no mampiasa azy; na ny tsy misotro aza dia mampiasa azy atao «désinfectant». Izay no zava-nisy nandritra ny COVID, kanefa efa voafaritra ho 44% izy izao, ka aleo handeha amin'izay.

Faharoa, anisan'ny antony tsy maintsy andaniantsika ity Tolo-dalàna ity, araka ny nolazain'ny Solombavambahoakan'Ambositra teo hoe hitsinjovana tantsaha. Ny vahoaka Malagasy any ambanivohitra mamokatra toaka gasy, tsy hoe toaka nentim-paharazana fotsiny, fa fameloman'ny olona maro ny tenany koa. Betsaka ny olona any ambanivohitra no afaka mandefa ny zanany mianatra hatrany amin'ny oniversite noho ny fanaovana toaka gasy. Anjarantsika no miaro ny vahoaka madinika ary anisan'ny neken'ny Solombavambahoaka maro teo anivon'ny vaomiera izay. Noho izany, najanona ny «production industrielle» satria raha miroso amin'izany isika dia hamono ireo tantsaha izay tokony harovantsika amin'ity Tolo-dalàna ity.

Farany, raha miditra amin'ny antsipiriany isika na ampiantsika ny «définition» milaza ny atao hoe toaka gasy; tsy ny toaka nentin'Andriamatoa Solombavambahoaka teo, fa tafiditra ao anatin'ny toaka gasy raha jerena ny «définition» nasiam-panitsiana manao hoe: «désigne toute boisson alcoolisée fabriquée selon la pratique traditionnelle Malagasy, par la fermentation et/ou la distillation des matières d'origines végétales ou de miel». Noho izany, tafiditra ao anatin'io koa ny betsa sy ny trembo. Zava-dehibe izany satria mbola tsy nisy tahakan'ity teto anivon'ny Antenimierampirenena.

Noho ny adidintsika amin'ny fiarovana ny vahoaka madinika, ny fiarovana ny vahoaka Malagasy ary ny fitsinjovana ny kolotsaina Malagasy; miantso antsika Solombavambahoaka rehetra handany ny Tolo-dalàna satria ho reharehantsika raha lany hatrany amin'ny HCC izy ity.

Misaotra Tompokolahy.
Mankatelina Tompokovavy.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Isaorantsika ny Solombavambahoaka voafidy tao Antsohihy.
Omena fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Marolambo, Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin.

**Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin**
Mankasitraka, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Augustin voafidy tao amin'ny Distrikan'i Marolambo.

Zavatra roa no tiako hitondrana fitenenana. Mialohan'izany, miarahaba ny Solombavambahoaka rehetra sy ianareo teknisiana, arahabaina manokana ny namana avy ao Ambositra izay itangoronan'ny toaka gasy raha ny marimarina kokoa rehefa miala avy any amin'iny Faritra iny izy.

Ny tiako hotenenina, maro ihany izay lalàna mahakasika ny toaka gasy izay raha tsy hiresaka afa-tsy tamin'ny «mandat» farany teo, niarahana tamin'ny Zokibe RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle. Tsy tsara loatra raha hijanona amin'iny «étape» iny isika, fa inona no «mesure» tokony horaisina hahafahana mampihatra izany satria raha vao lany tato amintsika iny dia niaraha-nahita fa betsaka ireo mpanao toaka gasy na ny mpisotro toaka gasy, efa nanomboka nifaly kanefa faly tapany ihany, tapitra hatreo ary tsy hita intsony ny tohiny.

Faharoa, hampahafantatra misimisy kokoa mikasika ny toaka gasy isika satria hitako fa misy zavatra mifanindry sy mifamahofaho ao anatin'ny lahadinika raha tsy hiteny afa-tsy ny hoe raha latsaky ny zato litatra dia tsy atao ao anatiny.

Ny toaka gasy raha amboarina satria any amiko misy Fokontany lavitra indrindra raha miainga avy any Marolambo ka hivoaka any amin'ny Faritra Amoron'i Mania. Io Fokontany io no «limite»-nay, io no antsoina hoe Ambodivoara. Amin'ny ankapobeny, io no mitondra ny anaran'ny toaka gasy. Io Ambodivoara io dia fanaterana toaka ary tsy latsaky ny «2000 jerricanes» isan-kerinandro ny toaka gasy mivezivezy any. Isika raha hanakana izany araka ny tenin'ny Solombavambahoaka RATSIRAKA Sophie Soamiadana teo, na hamela malalaka, tsy latsaky ny «2000 jerricanes» ny toaka mivezivezy any. Raha isaina ny ao anatin'ny Distrikan'i Marolambo, tsy latsaky ny «10 000 jerricanes» isan-kerinandro ny toaka miala any an-toerana. Noho izany antony izany, manindry aho hoe ny lafiny ekonomika mihitsy no misy olana raha mitovy amin'ny Solombavambahoaka voafidy tao Manjakandriana daholo isika. Ny ekonomia anefa sarotra ny manatanteraka azy. Inoako fa raha voazava izay dia mino ianareo.
Ny manao toaka gasy dia mangady lavaka iray mitovy halehibe amin'ny barika, fa mety midina in-droa amin'iny any ambanin'ny tany any. Ao no anaovana «fermentation»-n'ny fary, tetehana, totoina, afangaro ravin-javatra mba ahafahana manao an'io «fermentation» io. Rehefa izany, loarana dia avy eo andrahoina amin'ny barika lehibe iray indray. Rehefa tenehina iny baarika be iray iny dia ahazoana toaka 10 litatra eo ho eo, im-polo mahandro vao ritra ny lavaka iray. Izany hoe, tsy «possible» ny olona iray hanao toaka ka ho latsaky ny 100 litatra no toaka vitany. Tsy maintsy mihoatra an'izany no vokariny.
Aorian'izay, tokony ho fantatra hoe manodidina ny telo hatramin'ny dimy herinandro farafahakeliny vao mahavita toaka ny olona iray manomboka amin'ny fitrandrahana fary, ny fitenehana sy fitotoana mandrapivadihany ho alikaola. Izany hoe, iray volana maninjitra.
Marihana fa ny fanaovana toaka dia vadin'asa, amin'ny fotoana tsy iasana tany no fanaovana toaka. Amin'izao fotoana izao izy no manomboka mirongatra sy mihabetsaka. Mba hialana amin'ny fandripahana ala, Tompoko, tsy aleo ve ny toaka gasy no asiana fahalalahana toy izay hitrandraka ala. Ny «environnement» no misy olana.
Zavatra maromaro no tombony azo amin'izany fa tsy hoe fatiantoka daholo.

Raha ny eto Madagasikara manokana, marina fa Solombavambahoaka isika ato, misy namana iray namoaka «casquette» amin'ny mahateknisianan'ny fahasalamana azy. Mba tao ihany koa ny tenako tamin'ny resaka «anesthésiste»; misy «produit» fampatoriana antsoina hoe «alotem» faran'izay miteraka «cancer de foie», ny «cirrhose» izay noresahanao teo. Maninona anefa izany no mbola ampiasaina. Ny tanjona dia ny hampatory ny marary, ka rehefa mihena ny «risque» dia ampiasaina izany. Tsy dia tsara loatra ny manao mizàna tsindrian'ila, fa na ny fanafody ampiasaintsika andavan'andro ireo aza misy vokadratsiny foana kanefa reha ilaina ny vokatsoa, hidirana aloha dia avy eo mijery ny lafiny hafa indray.

Misaotra Tompoko.
manentana antsika rehetra mba handany ity Tolo-dalàna ity.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Isaorana ny Solombavambahoaka voafidy tao Marolambo.
Omena fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Somary ho lavalava ihany ny fandraisam-pitenenana hataoko satria hitondra fanazavana bebe kokoa izahay eo anivon'ny «commission juridique» izay tarihiko mikasika ity Tolo-dalàna natolotry ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambositra, Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges ity.

Araka ny efa voalaza teo, ny fanatsarana nentina tamin'ity Tolo-dalàna ity raha oharina amin'ireo Tolo-dalàna samihafa mikasika ny toaka gasy izay efa nandalo teto anivon'ny Antenimierampirenena; voalohany, ahoana no ahafahana mametraka «libération» amin'ny «production» sy ny «vente»-n'ny toaka gasy, kanefa tsy hoe ho baranahany ny zavatra ataontsika fa misy fepetra tokony harahana. Izay no tanjona voalohany ary izany no nezahanay tao amin'ny «commission juridique»; nojerena araka izay azo atao ny tsy hisian'ny baranahany amin'ny resaka toaka gasy. Tao anatin'izany rehetra izany no nijerana manokana hoe ahoana no tokony hametrahana ny «norme» araka ny voalazan'ny teknisianan'ny Governemanta teo. Horaisina ny «observation» amin'ny fametrahana «comité des normes» amin'ny toaka gasy.
Ny resaka fahasalamana no voalohany indrindra, niarahana nidinika tamin'ny teknisianan'ny Minisiteran'ny Fahasalamana, ny fametrahana «norme» ara-pahasalamana.

Ny momba ny «44 degré» no tianay hotsindriana etoana. Ny antony nahatonga an'io «44 degré» io, nanazava ny Minisiteran'ny Fahasalamana fa tsy tokony hihoatran'ny «45 degré» ny toaka gasy. Efa nanaovan'izy ireo «teste» hatramin'izay ka hatramin'izao izany ary ho fanajana an'izay zavatra izay no nahatonga anay tao amin'ny «commission juridique» hoe aleo tazonina amin'io «44 degré» io ny «teneur d'alcool» hapetraka mikasika ny toaka gasy.

Faharoa, mikasika ny «condiction de production et de commercialisation», izany hoe eo amin'ny fivarotana sy ny famokarana toaka gasy mihitsy.
Nisy ny dinika samihafa ka nanaovan'ny Minisiteran'ny Indostria sy Varotra «observation» izay tsy maintsy nojerena satria raha hivarotra sy hamokatra an'ity toaka gasy ity isika; ny tanjona voalohany dia hoe ahoana no hiarovana ny mpamokatra «artisanal». Izany hoe, ny vahoaka madinika any anaty alakininina, hoy ny namana teo, mba hanana fahalalahana kanefa tsy ho baranahany raha tafiditra ihany ny «production industrielle» izay atahorana hamotika ny «producteur artisanal». Tsy maintsy nojerena izany rehetre izany, ka nezahina ny nametraka «balise» amin'ny resaka «santé» sy ny «production» ary ny «vente», tahaka izay koa amin'ny sazy izay tokony hapetraka.

Tiana ny mitondra fanazavana amintsika eto, ohatra tamin'ny famaranana dia maro ny fanatsarana nampidirina tato izay tsy tao anatin'ny Tolo-dalàna. Napetraka ny famaritana ny atao hoe «producteur»; inona no atao hoe toaka gasy satria tsy mbola tao anatin'ny Tolo-dalàna izany. Ny antony, samy manana ny famaritana ny atao hoe, toaka gasy ny tsirairay. Inona no atao hoe «fermentation», inona no atao «distillation», inona no atao hoe laro satria io laro io no «mixture» na fangarony ampiasan'ny mpamokatra toaka gasy rehetra.

Tao anatin'izany ihany koa nametrahana ny atao hoe «processus» fanomezan-dàlana mialoha ho an'ireo «producteur» rehetra.

Izany hoe, napetraka eny anivon'ny Kaominina sy Fokontany ny fahafahana manome alàlana an'ireo olona ireo amin'ny «lieu d'implantation» ary efa nametraka mihitsy «balise» hoe ny toerana famokarana toka gasy dia tsy azo atao akaikin'ny tobim-pahasalamana, sekoly ary «bâtiment administratif», «caserne, bâtiment, militaire» mba ahafahana manaja ny fepetra iraisam-pirenena. Ny tianay holazaina, efa niezaka nandrafitra ny tolo-kevitra rehetra avy tamin'ny tekinisianan'ny Governemanta ato anatin'ity Tolo-dalàna ity izahay.

Napetraka ihany koa ny «autorisation» eny anivon'ny Kaominina, nomena fahefana izy mba handray fanapahan-kevitra raha ohatra misy tsy fanarahan-dalàna ataon'ireo mpamokatra toaka gasy eny ifotony. Nomena alàlana izy mba hanao ny fampiatoana na fanajanona ny famokarana raha tsy manaraka ny «norme» samihafa efa napetraka.

Eo amin'ny resaka fanasaziana satria nisy nanontany an'izany teo. Araka ny efa voalazako, misy ny «sanction administrative» apetraka eny anivon'ny Kaominina, «délibération communale» no ahafahana mandray an'izay mba hialana amin'ny fanaparam-pahefana mety hataon'ny Ben'ny Tanàna. Izany hoe, tsy maintsy «conseil communal» na «conseil municipal» no manapaka ny sazy tokony ho an'ireo olona tsy manaraka ny fepetra rehetra izay antsoina hoe «condition d'exercice». Raha ohatra te-hivarotra na hamokatra toaka gasy ianao, efa napetraka mazava tsara fa ireto no fepetra tokony harahinao. Raha tsy manaraka in'ireo fepetra ireo ianao dia tsy mahazo mamokatra sy mivarotra toaka gasy.

Ny sazy amin'ny resaka «pénal» kosa, mizara roa mazava tsara araka ny volaza teo ary napetraka koa ny «balise» ho an'ireo olona te-hivarotra na mamokatra latsaky ny 100 litatra. Nisy fepetra hoe manana «certificat d'existence» izy raha ohatra te-hivarotra mihoatra ny Kaominina na Distrika misy azy. Amin'izay fotoana izay, apetraka ny «obligation d'étiquetage». Izany hoe, hofanatsarana ny tontolon'ny toaka gasy mba tsy ho baranahany tahaka ny taloha. Ohatra, raha ao Farafangana no mamokatra toaka gasy dia handeha ho any Vohipeno; amin'izay fotoana izay, tsy maintsy manana «obligation d'étiquetage» izy satria efa misy resaka «commercialisation» kokoa ny fivarotana. Mipetraka izany ny lalàna momba ny varotra ary tsy maintsy manaraka an'izay ny rehetra satria efa misy ny atao hoe «collecteur» sy «distributeur agréé». Ireny olona ireny no misehatra amin'izany, fa tsy ireo mpamokatra madinika any ifotony intsony. Izany rehetra izany no natao dia mba hanatsarana ny tontolon'ny toaka gasy. Raha ohatra latsaky ny 100 litatra ny varotra ataonao ao anatin'ny Kaominina misy anao, malalaka ny mpivarotra mba ho fitsinjovana an'ireo «producteur» any ambanivohitra izany. Raha mihoatra an'izay ny varotra ataonao, efa misy «obligations» samihafa, ka ny tsy fanarahana an'ireo «obligations» ireo dia misy sazy «pénal». Mba ho fanatanterahana izany sazy izany dia natao hifanaraka amin'ny lalàna velona. Efa misy ny lalàna mikasika ny «concurrence» ary sazy ampiharina ato dia noraisinay tamin'ny «Loi de Finances» tamin'ny taona 2011 izay mametra ny sazy mikasika ny fivarotana alikola tsy manara-dalàna. Izany hoe, 10 000 Ariary isaky ny litatra no sazy napetraka ao.

Fehiny, Andriamatoa Filoha, efa nandaniana fotoana maro nandinihana ity Tolo-dalàna ity ary ireo pitsopitsony mampiahiahy ny Solombavambahoaka rehetra teo dia efa tafiditra ato anatiny daholo. Ny «observations» rehetra avy tamin'ny Governemanta dia efa noraiketina ato na ny resaka «traçabilité» na ny «norme» amin'ny «protection de consommateur» na ny «clarté de texte» efa nezahina ho tafidtra ato daholo.

Andriamatoa Filoha, mangataka izahay, marina ny voalazanao fa tsy misy tampenam-bava ato kanefa na izany aza, mahatsapa izahay fa efa mba feno ny pitsopitsony samihafa mikasika ity Tolo-dalàna ity mba hirosoantsika amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra Ramatoa Solombavambahoakan'i Madagasikara.

Mbola misy handray fitenenana ato avy eo isika miditra amin'ny andiany manaraka.

Misy manangan-tànana, ny Solombavambahoakan'i Mandritsara, Maroantsetra, Miandrivazo, Ambato Boeny, Marovoay, Mananjary, Nosy Varika, alefantsika eny amin'ny Boriborintany faha-IV ary Manandriana. Izay angamba, fa aorian'izay dia miditra amin'ny Governemanta isika.

**Andriamatoa SAORY Christian**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.

Ny ahy dia fisaorana ny namana Solombavambahoaka nanolotra ity Tolo-dalàna ity. Araka ny teny efa nisesisesy teo, fahatelo ity Tolo-dalàna ity no tonga ato amin'Antenimierampirenena.
Nisy olona niresaka tamiko tandroany hoe ny fampandroasana dia firy isanjaton'ny vahoaka Malagasy izany no hanao toaka gasy.
Eto aho dia miangavy ny manam-pahefana mahefa mba tsy hisakana azy satria io no mahamalagasy antsika. Any aminay raha hangata-bady, tsy maintsy misy toaka gasy, raha hanao didipoitra tsy maintsy mila toaka gasy. Araka ny notenenin-dRamatoa Filohan'ny Vaomiera teo, efa voadinika daholo ny zavatra rehetra tato, saingy misy fanamarihana hataoko ao amin'ny «article 36» izay milaza fa mampigadra 1 volana hatramin'ny 5 taoana ary miampy lamandy ny mamokatra sy mivarotra toaka gasy izay miteraka tsy fahasalamana ho an'ny mpanjifa. Tsara io sazy io fa ohatran'ny malalaka loatra. Tokony hatao ato koa ny hoe omena «alcootest» ny mpitandro filaminana izay misava ny mpanao toaka gasy satria lasa mivadika zavatra hafa ny fisavana. Isika ato anefa hamoaka lalàna hoe mahazo manao toaka gasy dia hanao toaka gasy daholo ny Malagasy ka higadra ny 80%-n'ny vahoaka satria tsy hanaraka ity «norme» voalaza ity. Tokony tsy hisy mpitandro filaminana hisava mpanao toaka gasy raha tsy misy fanaovana «teste» eny aminy. Izay no tokony hampidiriana ato anatin'ity Tolo-dalàna ity.

Farany, fivelomantsika ary anisan'ny ivelomany Malagasy saingy mbola vitsy ny vola ho an'ny tantsaha ka voatery manao toaka gasy izy.
Mitaona antsika Solombavambahoaka aho eto satria isika 163 miandahy io dia manana tantsaha mpamokatra toaka gasy avokoa. Tombotsoantsika izany ary anisan'ny tatitra azontsika entina any amin'ny Distrika misy antsika ny hoe: lany ny Lalàna momba ny toaka gasy. Zavatra iray mety hampiakatra ny fitiavan'olona antsika any amin'ny toerana nahalany antsika tsirairay izany.
Noho izay antony izay, mitaona antsika rehetra mba handany ity lalàna momba ny toaka gasy ity.

Misaotra ny namana nanolotra Tolo-dalàna.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra ny namana Solombavambahoaka teo isika.

Mandray fitenenana manaraka, ny Solombavambahoaka RAKOTOARIMANANA Patrice izay nanangatanana teo.

**Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Tsy hiresaka be loatra mikasika ny lalàna aho satria matoky an'izy ireo niasa tao amin'ny Vaomiera araka ny nambaran-dRamatoa Solombavambahoaka Filohan'izany teo.
Heveriko fa tsy hisy hisakana ity zavatra ity ary ny namana MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa izay niteny teo dia nanentana ny "Sénat" mba tsy ho vato misakana azy ity satria raha ny vondrom-bahoaka any ifotony na ny vahoaka any ifotony dia manana andraikitra amin'izany ry zareo. Heveriko fa tsy ho tonga amin'ny sakana momba ity lalàna izy ireo.
Ny ahy, fa te-hiditra aho hoe raha lany ity lalàna ity dia mitodika aminareo tekinisiana aho. Mitodika aminareo "juriste", mety ho sarotsarotra aminareo ity fangatahako ity, fa iangaviako mba hotanterahana satria ny "esprit"-n'ity lalàna ity dia mijery ny tombotsoan'ny tantsaha any ambanivohitra. Ny dikan'izay, ny 80%-n'ny tantsaha izay mivelona any ambanivohitra ary manao toaka gasy no hofehezin'ity lalàna ity, kanefa raha izao endriny amin'ny teny vahiny izao, tsy hohain'ny tantsaha izay hampiasa azy izy ity. Izay no itenenako hoe ho sarotra aminareo ny zavatra angatahiko. Aleo adika amin'ny teny gasy mazava tsara ity lalàna ity rehefa lany mba hahafahan'ny vahoaka any ambanivohitra mpisehatra amin'ny toaka gasy mahafantatra ny lalàna hifehy azy. Izay no fangatahako.

Mankasitraka indrindra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra ny Solombavambahoaka RAKOTOARIMANANA Patrice tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony. Omentsika fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna ary aorian'izay miditra amin'ny "vague" manaraka efa voalaza teo isika.

Misy Solombavambahoaka mangataka satroka ka omena azy ny fitenenana.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Mangataka izahay, Andriamatoa Filoha, mba any amin'ny farany vao mandray fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna raha azo atao.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Voaray ny satroka. Izao isika dia hiroso amin'ny fandraisam-pitenenan'ny "vague" manaraka. Mangataka satroka ny Solombavambahoaka voafidy tao Manandriana ka omena azy aloha ny fitenenana.

**Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba ny Solombavambahoaka rehetra ary miarahaba ny teknisiana ihany koa.

Rehefa nohenoina avokoa ny fanehoan-kevitry ny Solombavambahoaka teo, Andriamatoa Filoha, mitovy daholo. Tsy vao sambany no nandalo teto amin'ny Antenimierampirenena ity Tolo-dalàna ity, nandray anjara tany amin'ny asam-baomiera ireo olona ireo ary tena teknisiana mahay tokoa. Lany fotoana fotsiny isika raha samy hanao torapo eto. Ilain'ny vahoaka Malagasy ity Tolo-dalàna ity ka andao holaniantsika, Andriamatoa Filoha.
Andao isika hiroso amin'ny tsangan-tànana satria mitovy daholo ny zavatra resahana.

Misaotra betsaka, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Izay Solombavambahoaka manan-kambara ka mety manana hevitra mifanohitra amin'ny besinimaro angamba no omena fitenenana izao.
Ekentsika ve izay fandaminana izay, Tompoko.
Efa fantatra teo ny fironan'ny rivotra, ka lany fotoana isika raha mbola hamelabelatra kanefa mitovy hevitra avokoa.
Izay manana hevitra tsy mifanentana amin'izay angamba sisa no omentsika fitenenana. Ekentsika izay fandaminana izay.
Iza no manana hevitra mifanohitra amin'izay efa voambara teo.

Omentsika ny Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-IV ny fitenenana.

**Andriamatoa RANDRIAMASINORO Tahiry Ny Rina**
Mamerina ny fiarahabana anareo Mpitarika ny fivoriana.
Mamerina ny fiarahabana antsika Solombavambahoaka ihany koa.

Nokaramaina hanatrika ity fotoam-pivoriana ity isika ary izay no antompisiantsika eto. Raha misy tsy mahandry ny adihevitra, aleo izy no mivoaka fa tsy ny fivoriana no ezahina faranana. Matoa tonga eto dia manana hevitra ary ny lalàna mivoaka dia tsy ho an'ny antoko fa ho an'ny vahoaka Malagasy rehetra. Aleo mba samy hiteny ny heviny. Raha mitsangana miteny izahay dia tsy hoe manohitra, fa manana ny hevitray manokana mikasika ity Tolo-dalàna ity.

Izao no fanontaniako: inona no "mesure d'accompagnement" horaisin'ny mpitondra rehefa mivoaka ity lalàna ity. Mazava tsara ny voalazan'ny Solombavambahoaka RATSIRAKA Sophie Soamiadana teo; na nisy lalàna na tsy nisy lalàna, namokatra toaka gasy foana ny tantsaha any amin'ny toerana nisy azy any. Ny lalàna iray matoa mivoaka, natao hamaizana izay tsy manara-dalàna. Ny zavatra hitantsika anefa, raha ny fampiharana ny lalàna, inona izany no fepetra horaisina, satria ny lalàna eto izao dia natao hanenjehana an'izay tsy mitovy hevitra amin'ny tena fotsiny. Rehefa tsaraina amin'ny lalàna na manana ny fahamarinana aza dia lasa diso hatrany. Ohatra iray no voalazan'ny Solombavambahoaka teo hoe iza no tomponandraikitra manana fahefana hanasazy an'izay tsy manara-dalàna. Voalohany noresahana teo hoe ao amin'ny Kaominina. Izy ihany ve izany no "compétent" afaka manasazy ao anatin'ity Tolo-dalàna momba ny toaka gasy ity.

Inona no zavatra mety hataon'ny fitondram-panjakana hanomezana "moyen" ho an'ny Kaominina mba hahafahany manara-maso ny famokarana an'izay toaka gasy izay. Raha misy fitaterana ny toaka gasy ve, misy alàlana omena ny Kaominina. Tsotra ny itenenako an'izany, hatramin'izao dia mikaikaika ny mpitatitra amin'ny ataon'ireo Polisy sy Zandary, indrindra fa mbola hisy lalàna hivoaka indray hahafahan'ny Polisy sy Zandary hanotra bebe kokoa ny mpitatitra ankehitriny. Inona izany no fepetra horaisin'ny fitondram-panjakana ary hatao mazava tsara mihitsy hoe ireto ihany ny "organe compétent" tokony hanara-maso, fa ny ankoatran'izay tsy miditra. Hatao mazava tsara izany satria raha ny zava-misy ankehitriny dia manahirana.
Raha tsy hiteny fotsiny aho mikasika ny fandrodanana trano teny Anosibe omaly, tokony hi-"saisir" ny "Prefet" ny "Huissier" izay tonga teny. Rehefa tonga teny anefa aho tsy nisy an'izany fa Zandary nalaina tetsy sy teroa fotsiny no noentina. Aiza ny zon'ny olona ary aiza ny fanarahan-dalàna. Mba tsy hiverenan'izany, mba hisian'ny mangarahara, tokony hampahafantarina hoe iza no manam-pahefana manasazy an'ity zavatra ity rehefa tanteraka.

Misaotra indrindra, Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Isaorana ny Solombavambahoaka RANDRIAMASINORO Tahiry Ny Rina, nitondra an'izay fanampim-panazavana izay.

Mety manan-kambara koa angamba ny mpikambana ao amin'ny Kaomisiona ka omena fitenenana.

**Andriamatoa MAMIHAJA Charlot**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mikasika ny andininy faha-36, tiako tonga dia hatao "amendement" ny ahy, tsy tiako asiana hoe mampigadra ny toaka gasy. Raha mety, farafaharatsiny atao hoe lamandy satria hatramin'izay tsy mampigadra ny manao toaka gasy, fa lamandy no naloa. Koa maninona rehefa ara-dalàna izy vao hampigadra. Tsy teo aho tamin'ny asam-baomiera na dia efa niteny tamin'ny tomponandraikitra ihany hoe andraso, saingy tsy nohenoina aho.
Ny andininy faha-36 dia milaza fa mampigadra 5 volana ka hatramin'ny 5 taona. Raha tojo olona sendra ny tsy mitovy hevitra ve izany dia higadra 5 taona. Raha izany no izy, tsy aleo ve mbola ny lalàna amin'izao fotoana izao ihany no ampiharina. Noho izany, angatahiko ny hanafoanana izany raha sitrakareo. Toy izany koa ny hoe mivarotra toaka gasy, ka lasa miteraka tsy fahasalamana ho an'ny mpanjifa. Sao mba safidin'ny mpividy no tsy nisakafo atoandro, fa tonga dia nisotro toaka; na misotro "whisky" ianao na misotro labiera, rehefa tsy misy sakafo dia marary vavony.

Ao amin'ny andininy faha-37 koa milaza fa mampigadra 3 volana hatramin'ny 2 taona miampy lamandy ny fivarotana taoga gasy tsy manara-penitra. Angaha tsy efa ampanarahana fenitra izy ity. Aleo tsy asiana resaka fanagadrana amin'ity lalàna ity, fa lasa hararaotin'ny olona hanagadrana an'ireo tsy mahay taratasy fotsiny. Aza adino fa tsy misy olona manam-pahaizana hanao toaka gasy izany. Olona tsy manam-pahaizana daholo no manao toaka gasy. Aleo mba foanana io resaka mampigadra nosoratan'ny manam-pahaizana io.

Tsy hitondrana ny fahaizantsika ny fiainan'ny olona satria ity lalàna momba ny toaka gasy ity raha lany, ny alina ihany dia efa hisy fety tsy ifankahitana any aminay ambanivohitra any. Aoka isika hitandrina fa fandrika lehibe ho an'ny vahoaka izay kendrentsika tokony hahazo tombotsoa amin'ity Tolo-dalàna ity io resaka fanagadrana io.

Miombon-kevitra amin'ny rehetra kosa aho hoe fotoana izao handaniantsika ity Tolo-dalàna ity. Efa fanintelony no nanoloran'ny Solombavambahoaka ity Tolo-dalàna ity; efa nanolotra Itompokolahy REMI Dit DJAO Jean, nanolotra ny "honorable" RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, lany hatrany izany, saingy mihitsoka ao amin'ny Antenimierandoholona foana izany. Manantena ny tenako fa ho lany amin'izay izy ity. Miangavy anareo ao amin'ny Birao Maharitra mba hanao "lobbing" any amin'ny "Sénat" satria isika Solombavambahoaka mandany kanefa mihitsoka rehefa tonga any amin-dry zareo. Manantena aho fa mba hisy hetsika manokana hataon'ny Birao Maharitra amin'ny fampandaniana ity Tolo-dalàna ity. Angatahako "amendement" ihany koa ny hanesorana ny resaka fanagadrana ao anatin'ity Tolo-dalàna ity fanaovana toaka gasy ity.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mialohan'ny fandraisam-pitenenana manaraka, hojerentsika kely ny mikasika ny "amendement" nangatahan'ny Solombavambahoaka teo.
Iza no manaiky hoe hokitihina, ianao teo Andriamatoa Mpampakateny, tsy nisy nanao fanamarihana isika. Koa inona izany no hevitra horaisintsika, hatao "amendement" araka ny voalaza teo ve ny "texte" mialohan'ny "vote".

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Aleo aloha izahay hitondra fanazavana, Andriamatoa Filoha, vao miroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isika.

Efa nekena izy teo hoe hatao ny "amendement" fa tsy maintsy anaovana "vote" kosa vao afaka ampidirina amin'ny "corps du texte".

Hitondra fanazavana momba ny voalazan'ny Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Boriborintany faha-IV sy ny Solombavambahoaka voafidy tao Mananjary teo hoe inona no "mesure d'accompagnement", inona no "sanction" sy ny rafitra mahefa amin'izay, ahoana ny mikasika ny "autorisation" sy ny resaka fanagadrana.
Voalohany, araka ny efa napetraka teo, nezahana ny nametraka sy nandray ny ahiahin'ny rehetra amin'ny hametrahana ity lalàna ity satria ny teo anivon'ny "commerce" dia manana ny lalàna mifehy azy. Toaka gasy no resaka, izany hoe "alcool" mitovy amin'ireny toaka vazaha rehetra ireny ihany. Izahay tao amin'ny "Commission Juridique" dia tena niady ho an'izany olona homena tombotsoa izany. Izany hoe, ireo olona any ifotony, ireny olona any amin'ny Kaominina tsy hitan'ny fanjakana ireny hoe ahoana no hanaovantsika azy. Izay indrindra no antony tena niezahana hanamorana araka izay tokony ho izy ireo fanomezan-dàlana rehetra. Koa hamaliako azy dia misy ny fanomezan-dàlana omen'ny eo anivon'ny Kaominina. Izany hoe, mandeha eny anivon'ny Fokontany ny olona mpanamboatra toaka ary rehefa vita izany dia manao fanambarana na "déclaration" any anivon'ny Kaominina ary manambara any amin'ny Fokontany ny fa mpanamboatra sy mpivarotra toaka gasy izahay.

Vita izay dia manao fampilazana any amin'ny Kaominina indray ary ny Kaominina no mi-"saisir" ny komity izay ahitana mpikambana avy amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana sy ny Minisiteran'ny Varotra, izay tsy maintsy mandinika ny fepetra voarakitra ao amin'ny "Comité des Normes", apetraka "par voie réglementaire" na "arrêté" na "decret" no anaovan'izy ireo azy. Io no ametrahana ny "mesure d'accopagnement" rehetra izay niteraka ahiahy ho antsika teo.
Ny Kaominina no manome fahazoan-dàlana; misy ny "certificat d'existence", izay efa nohamoraina ny fanaovana azy; alaina eny amin'ny Fokontany ho an'ireo "producteurs" ireo. Mikasika ny fanomezan-dàlana dia eny anivon'ny Kaominina sy ny Fokontany no manao azy. Moramora kokoa izany noho ny tamin'ny Tolo-dàlana nisy teo aloha momba ny toaka gasy raha toa ka teo anivon'ny Distrika sy ny Minisiteran'ny Varotra no nanomezana izany fahazoan-dàlana izany.

Mikasika ny «sanction» araka ny efa nambarako teo aloha, mizara roa mazava tsara izany: misy ny «sanction administrative». Izany hoe, rehefa tsy mahatanteraka ny «condition d'exercice» na ny fanatanterahana ny asa izay voalaza ao amin'ny andininy faha-5 ao anatin'ity Tolo-dàlana ity dia azon'ny Kaominina atao ny manafoana ny fanomezan-dàlana.
Ankoatran'izay, misy ny «sanction pénale»; ny tiako horesahana, mikasika ny «sanction pénale» teo, tsara hofantatsika fa raha misy olona maty nisotro toaka gasy, mitovy amin'izany koa io toaka vazaha ihany io. Ny «disposition de l'Article-36, «Honorable» MAMIHAJA Charlot, Solombavambahoaka voafidy tao Mananjary dia mazava tsara raha ny avy any amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana izay nametraka hoe: «introduction des substances nuisibles» amin'ny fahasalamana. Milaza an'izany koa ny ao anatin'ny «Code Pénal»-ntsika, izay no fanazavana entiko mikasika an'io. Raha ohatra ianao mpanamboatra toaka gasy ka nampiditra zavatra mahafaty ao anatin'ny laro izay namboarinao, «infraction de droit commun» izany. Mazava fa misy làlana mifehy mikasika an'izany eto Madagasikara ary tamin'izany no nakanay ohatra nampidirina tato hoe: raha misy zavatra nataonao laro, ho anareo mpamboatra toaka gasy, ka zavatra mahafaty; amin'izay fotoana izay ianao, mazava ho azy fa iharan'ny làlana mikasika ny famonoana olona. Mazava tsara ny voalaza, tsy voatery hoe nisotro toaka gasy ianao dia maty. Tsy izany no izy, fa ny laro nampiasainao nanamboarana toaka gasy no mahafaty olona, «substances nuisibles». Raha ohatra misy mpitsabo at dia afaka manazava tsara an'izay.

Ankoatran'izay, ny voalaza ao amin'ny «article-37: vente de produit non conformes aux normes de production de toaka gasy». Ny zavatra apetraka dia ny hoe io fomba fanamboarantsika toaka gasy io. Izay ihany no avadika ho «aux normes». Ny zavatra efa misy any amin'ny Faritra misy antsika any ihany no hampanarahina fenitra fa tsy mamorona zavatra hafa intsony. Raha ohatra misy olona mamboatra toaka gasy ka tsy mifanaraka amin'ny zavatra efa voalazanao tany amin'iny fanomezan-dàlana iny no ampiharinao dia izay no mitarika ny fampiharana ity «article-37» ity aminao. Misy «organe de suivi» apetraka ao anatin'ny «mesure d'accompagnement», efa voalaza ao amin'ny «article-10» hoe misy «registre» apetraka eny anivon'ny Kaominina sy eo anivon'ny Minisiteran'ny Varotra na ny «Service Déconcentré» mba ahafahana manao ny fanara-maso rehetra.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra an-dRamatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle.
Mangataka satroka Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Betroka, avy eo omena an'Andriamatoa ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Farafangana ny fitenenana.

**Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Hiteny vetivety fotsiny ny tenako, satroka azafady indrindra.

Ny Solombavambahoaka tonga ato ny sasany, tsy fantatro na misy na tsy misy toaka gasy any amin'ny Distrika niavian'izy ireo any, fa izahay dia avy any amin'ny Distrika mpamokatra toaka gasy. Aiza no ahafantaran'ny Zandary hoe firy ny «degré»-n'ity toaka gasy ity. Tsy manana fitaovana hitiliana izany izy ireo, ka tokony hojerena ny mikasika an'izany.

Efa nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny tenako teo, fa sarotra ny ahazoana miteny eto.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Azafady «honorable», homena anjara fitenenana ianao rehefa avy eo, fa mbola misy filaharan'ny Solombavambahoaka handray fitenenana eto am-pelan-tànako.

**Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas**
Efa nahazo «micro» aho ka mba avelao hiteny, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Andao mba hifampitaiza isika, «honorable», fa omeko anjara fitenenana ianao rehefa avy eo. Zavatra «interessant» izy ity, ka aleo omena an'Andriamatoa ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard ny fitenenana izao.

**Andriamatoa ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Efa nolazaiko tao amin'ny asam-baomiera ihany no hamafisiko eto izao dia ny tsy maharesy lahatra ny tenako amin'io «article-37» io.

Araka ny nambaran'Andrimatoa MAMIHAJA Charlot teo, ny zavatra tokony hojerentsika, raha ny voalaza ao amin'ny «article-36» izay maharesy lahatra ahy tsara hoe raha «produit nocif» no namboarinao dia mampigadra. Eto mantsy ny hoe raha manao «production» ianao dia «non conformes aux normes», somary «vague» izy eto. Ny antony anaovantsika ity làlana ity anefa dia mba hahafahana mi-«liberer» ny toaka gasy fa tsy hoe raha vao miala an'io «normes» io ianao dia migadra.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Aleo hamarana ny fandraisany fitenenana izy aloha.

**Andriamatoa ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard**
Ny tena tokony ho izy eto, fa maninona no mampigadra ny toaka gasy, ny vokatra novokarinao nahafaty olona, any ny «indicateur» hampiharana azy, fa tsy any amin'ny «norme de production», fa tokony ho ny vokatra novokarinao nahafaty sa tsy nahafaty olona.
Hanahirana ity «article-37» ity satria lasa hatao fitaovana hanenjehana ny tantsaha hoe ity toaka gasy novokarinao ity dia tsy manaraka «norme» ka mampigadra. Angalana vola izy ireo avy eo, hatao «moyen de pression» ho an'ny tantsaha io. Aiza no ahafantaran'ny tantsaha hoe «en norme» io na tsy «en norme» dia tonga ny Zandary avy eo hoe tsy manaraka «norme» ny anao ity ka mampigadra fa omeo vola izahay. Ny tokony hanaovana azy, rehefa mahafaty ny «produit»-nao dia migadra ianao, fa tsy ny Zandary no hiteny hoe: tsy «en norme» ny toaka gasy novokarinao dia migadra telo taona ianao. Raha tsy izany, omeo vola iray tapitrisa aho vao milamina ity tantara ity. «Source de corruption» io kanefa ny «esprit» handaniana an'ity làlana ity dia ny fanalalahana ny toaka gasy, fa tsy mampalalaka ny toaka gasy ity voalaza ao amin'ny «article-37» ity. Ny ankoatran'izay manaiky aho, fa raha asiana hoe hogadraina io, tsy mety izay.

Manana Kaominina mpamokatra toaka gasy izahay any amin'ny Distrikan'i Farafangana. Ho an'izay mandeha any Farafangana dia mahita an'izany Agnalila izany. Raha ampiharina ity voalaza ity, vao maika mifanohitra amin'ny tanjona tiantsika hotratrarina dia ny fanalalahana ny fivarotana toaka gasy izany.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard.

Mametraka fanamarihana kely ny tenako; angamba manahirana amin'ity zavatra ity, ny AMM na ny «Autorisation de Mise sur le Marché»; ny dikan'ny AMM mantsy efa misy «Autorité» efa notendren'ny Minisitera manaramaso an'io. Izy ireo no tokony higadra raha misy olona maty nisotro ny toaka gasy tsy voaara-maso sy nomen'izy ireo fahazoan-dàlana. Tena «danger» io, fa tena tsara «pertinente» ny fanamarihana teo satria mety ho loharanon'ny kolikoly izy ity ka mila mitandrina isika.
Ny resaka «norme», tsara asiantsika fandinihana kely, ny mamehy ny AMM ve efa misy «critère d'évaluation»; apetraka amin'ny teknisiana izay zavatra izay. Tokony hampahafantarina hoe izao no «norme» sy «dosage»-n'ny laro araka ny voalazanareo teo na ny «dgré» hoe 44, iza no afaka manome fanazavana an'ireo zavatra voalaza rehetra ireo. Hitety ny Kaominina rehetra ve ianareo hametraka izany «norme izany.

Misy filaharana ny fandraisana fitenenana ato. Mandray anjara fitenenana manaraka Andriamatoa RANDRIANARIVO Edwin, Solombavambahoaka voafidy tao Ambato Boeny, fa efa ela izy no nanangan-tànana teo ka anjarany izao.

**Andriamatoa RANDRIANARIVO Edwin**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anareo ao amin'ny Birao Maharitra sy isika Solombavambahoaka rehetra ary ny solotenan'ny Governemanta tonga miatrika izao fivoriambe izao.

Eto ny tenako dia misaotra manokana an'Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra, amin'ny fanolorana izao Tolo-dàlana mikasika ny toaka gasy izao.
Ny tena tanjona tiantsika apetraka dia hoe ahoana no ahafahan'ny tantsaha sy ny vahoaka any ambanivohitra mitady fidiram-bola sy ahafahan'ny toaka gasy halalaka. Reharehan'ny Malagasy anie ny fisian'ny zavatra iray amin'ny anaran'ny Malagasy hoe toaka gasy izany mba ho fantatr'izao tontolo izao. Zava-dehibe izany, fa ny zavatra tokony hapetraka fotsiny, manamafy ny tenin'ny Solombavambahoaka namana rehetra teo aloha, aleo esorina tokoa ny làlana hoe mampigadra ny toaka gasy, farafaharatsiny mba ampandoavina lamandy satria ny toaka gasy hatramin'izay, tsy dia misy fanagadrana olona fa lamandy no aloa.
Eto ny tenako dia misarika ny saintsika rehetra mba hampandany an'ity Tolo-dàlana ity. Marina tokoa fa tsy vitany hoe mampidi-bola sy famoronana fitadiavam-bola ho an'ny tantsaha any ambanivohitra no tanjona tiantsika hapetraka, fa ao koa ny hasina ananan'izany toaka gasy izany. Betsaka ny vokatra azo anaovana toaka gasy, tsy ny fary ihany fa na mokonazy na ny manga na ny goavy dia azo anaovana taoka gasy avokoa. Ireny anefa mipetra-potsiny any ambanivohitra any; koa raha mba misy an'ity Tolo-dàlana entina hanalalahana sy fanomezan-dàlana azy ity, heveriko fa tombotsoa ho an'ny vahoaka rehetra, indrindra ny any ambanivohitra. Araka ny voalazan'ny Solombavambahoaka teo aloha hoe raha vao lany eto amin'ny Antenimierampirenena fotsiny ity, fifaliana lehibe ny an'ny vahoaka any ambanivohitra rehetra any.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.
Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.
Ireto indray no filaharan'ny Solombavambahoaka mandray fitenenana manaraka: Ramatoa RAMANJARASOA Clarisse Eugénie, Andriamatoa MANANTENA Hajanirina Dinah, Andriamatoa RAKOTONIAINA Lova Andrien Marie, Andriamatoa RANDRIANARIVO Edwin, Andriamatoa MARINDRY Rasolohery Andry Chrinssant, Andriamatoa MAMIHAJA Charlot, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas. Voadingana, aleo mba alefa ireo voatanisa rehetra teo aloha ireo.

**Ramatoa RAMANJARASOA Clarisse Eugénie**
Misaotra betsaka, Andriamatoa Filoha Lefitra.

Miarahaba antsika «Honorable» rehetra tonga miatrika izao fivoriambe izao.

Ny tiako ambara, efa voalazan'ny Solombavambahoaka namana teo aloha ihany, fa tiako izaho mihitsy no milaza azy. Hataoko fa voasolotena eto daholo ny vahoaka Malagasy rehetra manerana an'i Madagasikara manolotra ity Tolo-dalàna ity, fa tsy «Honorable» Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra irery ihany.

Nisy resaka henoko teo izay no nahatonga ny tenako nangataka fitenenana. Nisy nilaza fa mamparary sy mahafaty ny toaka gasy. Ataoko angamba fa na ny sigara koa mahafaty. Mahafaty ny sigara saingy asiana soratra fotsiny hoe: «danger pour la santé».

Mitovy amin'izany koa ny toaka, fa efa nasiana soratra ato anatin'ity Tolo-dalàna ity hoe raha ohatra ka misy manao «abus» amin'ity dia mahafaty mitovy amin'ny sigara ihany koa.

Ny resaka toekarena no tena tiako tsindrina kely eto satria foto-pivelomana tokoa izy ity any ambanivohitra any ary ahafahan'ny fianakaviana mizakatena. Rehefa lany ny voka-bary sy ny voly sasany dia mampidi-bola amin'izy ireo ny toaka gasy.

Manentana antsika rehetra ny tenako, izay misolotena ny Distrikan'i Vohibe mpamokatra toaka gasy betsaka indrindra, mba hitsinjo ireo tantsaha, hitsinjo ireo vahoaka any ambanivohitra. Mba hanome fitokisana anay rehetra tao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna ihany koa satria nandaniana andro lava izy ity ary betsaka ny pitsopitsony efa nahitana valiny. Mba mangataka antsika ny tenako tsy hanova intsony, fa hiroso amin'ny fandaniana avy hatrany.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Omeko ny Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Maroantsetra, Andriamatoa DINAH Romual ny fitenenana aloha, fa voadingana foana izy teo. Azafady «Professeur», fa omeko fitenenana ianao rehefa avy eo, fa ny Solombavambahoakan'i Maroantsetra aloha no miteny izao.

**Andriamatoa DINAH Romual**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra.
Miarahaba anareo teknisiana avy amin'ny Governemanta ny tenako.

Teny kely fotsiny no tiako ambara: raha ny lalàna mamariparitra ity toaka gasy ity no tafapetraka tsara, tsy tokony hisy zavatra hampiahiahy antsika loatra. Ny lalàna ihany no atao tsara rafitra sy apetraka tsara mba hitandroana ny ain'olombelona; izay no voalohany.

Manaraka izany, misy teknisiana iray ao amin'ny Governemanta teo, nanambara fa mety hiteraka tsy fahasalama ny toaka gasy. Tsy mbola nisy «vitamine» azo avy amin'ny fisotroana toaka na toaka inona, na toaka inona na toaka inona na toaka inona, tsy mbola nisy «calcium» azo taminy na toaka inona na toaka gasy na tsy toaka gasy dia samy tsy mahasalama raha tafahoatra ny fisotroana azy io.

Eo anatrehan'izay, ity misy resaka kely tiako hampahatsiahivina antsika; misy ny atao hoe betsa, tsy haiko na fantatrareo ny dikan'izany betsa izany na tsy hainareo izay no filaza azy; fary afangaro hodin-kazo izay no anamboarana azy. Izay zavatra izay nahazo alàlana, eken'ny lalàna ny famokarana betsa izay fidiram-bola ho an'ny tantsaha. Manomboka mbola kely ny zazany no nampianarina hamaha olana mba hahametimety ny fiainany. Tsy hitako loatra ny mampisaraka sy tsy mampitovy azy, satria samy toaka no mahamamo na ny tenenintsika ato hoe mahamamo; na ny betsa mahamamo ary samy toaka gasy. Samy zavatra mahamamo ireo.

Farany, ny paraky; misy zavatra kely somary mahagaga horesahana eto. Hitanareo ny mpitandro filaminana raha mahita tantsaha mamokatra paraky, enjehiny kanefa ny paraky indray dia azo ohanina. Enjehina ny tantsaha mamboly azy. Azo ohanina, afarana avy any ivelany; zavatra misy daholo eo amin'ny fiainantsika izany. Ny ahy tsotra, famahana olanan'ny tantsaha any amin'ny fari-piainana ambany indrindra ity zavatra ity, eo ihany koa ny fidiram-bola ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana raha toa voahaja ny fepetra rehetra izay nofaritantsika araka ny lalàna.

Misaotra antsika rehetra.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Miverina amin'ny fandaminana teo isika; Solombavambahoaka.

**Andriamatoa MANANTENA Hajanirina Dinah**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo, misaotra antsika rehetra ihany koa. Fohy dia fohy ny fandraisam-pitenenana mikasika ity lalàna ity. Isaorantsika izay nanolotra azy fa eran'i Madagasikara tokoa dia samy misy an'ity fanamboarana toaka gasy aty.
Ho anay avy ao atsimotsimo ao; ity no tena fototry ny fiainana, raha tsy misy io toaka gasy io dia tsy misy ny fomba amam-panao fa mikorontana izao tontolo izao. Ilaina dia ilaina ny fomba amam-panao amin'ity zavatra ity.

Faharoa, mikasika ny «article 36, 37»; izahay Tompoko dia sahirana miala amin'ny ataoko hoe vazaha any aminay any, satria ireo vazaha ireo ny lalàna atao haneriterena ny olona any ambanivohitra any. Raha vao hitany hoe mampigadra ny fanamboarana toaka gasy, migadra daholo ny mpanamboatra toaka gasy. Angatahana mba hialantsika ity voambolana hafa hametrahantsika izay hifehezana ny tsy manara-dalàna ao anatin'ity fanamboarana toaka gasy ity. Ny fametrahantsika hoe migadra izay manao an'izao, ka sao mba misy voambolana hafa hampiasaina ho an'izay mpandrafitra lalàna. Izany ranabavy, mba ahafahantsika mametraka ny hoe lalàna, fa io raha vao asiantsika hoe migadra dia migadra daholo ny olona rehetra satria tsy misy olona tsy manao an'io, fa tonga ny vazaha any aminay milaza fa izay mamboatra toaka gasy dia migadra. Mila mitandrina isika izay handany azy eto, fa voizin'ny sasany hoe iny indray ny lalàna nolanian'ny Antenimierampirenena. Voizin'ny sasany amin'ny «sens ngatif» ary aorian'izay, Tompoko, tsy hanohitra lalàna hahazoana sazy ho an'izay mandika lalàna, fa ny voambolana hoe migadra no tokony hovaintsika ho tsaratsara kokoa.

Mankasitraka, Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Isaorana ny Solombavambahoaka MANANTENA Hajanirina Dinah. Manaraka ny Solombavambahoaka efa voalaza teo, ny an'i Miandrivazo, Ambato Boeny, Marovoay, Manandriana.

**Andriamatoa RAKOTONIAINA Lova Adrien Marie**
Mamerina ny fiarahabana, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filoha, miarahaba anareo teknisiana sy ianareo Solombavambahoaka namana.

Marihina aloha fa zava-dehibe tokoa ity androany ity satria manan-danja eto amin'ny firenena. Efa fanintelony amin'izao no nandalo teto amin'ny Antenimierampirenena ity lalàna ity kanefa mbola tsy hita ny fampiharana azy. Izany hoe, mba tsy hahalany fotoana antsika dia mangataka ny fanarahana an'ity hatramin'ny farany mba ho haingana ny famoahana azy, mba ahafahana mampihatra azy ihany koa.

Voalohany, ny hoe «norme» dia io no marimaritra iraisana. Izay no notenenin'ny Filoha teo hoe, ianao no mamaritra ny «norme» ka izay «norme» faritan'ny mpamokatra izany dia ekentsika anefa araka ny voalaza teo hoe «produits toxiques» ampiasaina amin'ny fanamboarana azy. Rehefa miteny ve izany ny mpanamboatra azy hoe «norme» io dia ekentsika ve izany. Izay aloha fanamarihana iray.

Faharoa manarak'izay hoe ny teny gasy teo tiana hamafisina satria ny tantsaha no tena iantraikain'ity. Ahoana no ahafahan'ny tantsaha miaro ny tenany raha ohatra misy teny frantsay ity lalàna kanefa tsy misy fantany. Ny dikan'izay, mahafaly sahirana ihany ity lalàna ity.

Fahatelo, ny tenin'i Dokotera teo izay ombako manana satria samy dokotera. Izy ity rehefa marary ianareo dia faly izahay dokotera, ka io isika ihany. Ny mahatonga anay tsy misakana an'ity hoe rehefa omena alàlana ny toaka vazaha dia tokony homena alàlana koa ny toaka gasy. Raha ny fiantraikany aloha dia tsy misy milaza fa tsara. Aoka mba samy hanana «conscience». Io anie raha izany toaka izany, tsy misy tsara na toaka vazaha na toaka gasy; tsy misy tsara izany, fa aoka isika mba tsy hisy hifamitaka.

Ny zavatra iray mampalahelo fotsiny dia ohatran'ny ataontsika vahaolana vonjimaika amin'ny fahasahiranana mahazo ny firenena ny fanalalahana ny toaka gasy. Iaraha-mahalala fa tena lalina dia lalina tokoa izao ny fahasahiranan'ny Malagasy. Ohatran'ny mahita isika Solombavambahoaka hoe aleo rangahy halalahana mba hisy ny hiveloman'ny olona. Angaha tsy misy vahaolana ankoatran'izay ve. Aleo aloha mieritrereritra isika. Izy ity fantatro anie fa ho lany, ity tsy maintsy lany, fa ny «conscience» no tiana apetraka amin'ny mahaolon-dehibe sy amin'ny mahaolombelona antsika mianakavy.
Mahazo miteny ianao rehefa avy eo, fa tsy maninona. Izahay anie raha miteny an'izay tsy hoe hitsipaka, fa ity tsy maintsy ho lany. Any aminay anie ny 80% na 90%-n'ny olona dia mpanamboatra toaka gasy daholo. Izay fa fanazavana fotsiny ny ahy. Ny hevitro dia ny mba hipetrahan'ny «conscience» amin'ny mahaolombelona, fa tsy sanatria hoe manao vonjimaika fotsiny. Noho izany, anjarantsika no mandinika. Izahay any Miandrivazo manana olona 90% mpanamboatra toaka gasy, fa tsy izahay no hisakana an'ity androany raha ohatra ka mbola malalaka koa ny toaka vazaha.

Izay angamba no apetraka fa misaotra indrindra, Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Ankasitrahana ianao Andriamatoa Solombavambahoaka. Ny Solombavambahoaka manaraka dia ny Solombavambahoaka Voafidy tao Ambato Boeny, Marovoay.

**Andriamatoa MARINDRY Rasolohery Andry Chrinssant**
MARINDRY Rasolohery Andry Chrinssant, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Marovoay.

Fanamafisana izay voalazan'ny namako teo, fa tsy hiteny betsaka ny tenako.
Mikasika ity andininy faha-37 ity, izany hoe fanamafisana an'ity no hataontsika satria tokony hasiana «balise» raha ohatra ka misy ny tsy mety ny ataon'ny mpivarotra toaka gasy na ny mpamokatra toaka gasy. Tokony hojerena na hamafisina na hoe ahoana ny mikasika ity lalàna ity, fa tsy hoe esorina ny mampigadra. Raha ohatra ve ny zavatra amidiny ka tsy mety dia lamandy fotsiny no haloany. Ny tsara tokony apetraka dia isain'ny Kaomina daholo hoe iza no olona mpamokatra toaka gasy, ka miaina amin'izany. Raha misy toaka gasy mahafaty, misy mampiditra «formole» dia izay zavatra izay tokony hojerentsika, satria tsy manara-dalàna dia mihatra ny lalàna.

Eto ny tenako dia manentana ny ao amin'ny «Sénat» mba handany an'ity Tolo-dalàna ity ary isaorana koa ny Solombavambahoaka nanolotra azy. Miombon-kevitra amin'ny fandaniana azy ity izahay.

Mankasitraka, Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra anao Andriamatoa Solombavambahoaka. Solombavambahoakan'i Betroka, omena fitenenana kely aloha.

**Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas**
Misaotra, Andriamatoa FIloha, nanome ny fitenenana.

Izao, Andriamatoa Filoha; izaho aloha tsy fantatro fa ny tena mpanao toaka gasy. Ny tena fantatro aloha dia ry zalahy avy ao Ambositra ireto, ny azy ireo efa avo lenta daholo, satria manana «alcootest» ry zalahy manamboatra toaka gasy ireo. Mahabe kolikoly amin'ny mpitandro filaminana izany, Andriamatoa Filoha, indrindra ny Zandarimaria. Ity lalàna holaniantsika ity tsy maintsy hiparitaka. Aiza, Andriamatoa Filoha, ny Zandary anie tsy manana «alcootest». Ny mpanao toaka gasy any ambanivohitra any aminay ireny anie tsy voatery hahavita taratasy daholo. Tsy maintsy misy ny akisisisika ao.
Raha ity resaka lalàna ity, esory aloha ny fanagadrana ao amin'ny «article 37» io na koa mba hamaivanina ny teny hoe: ny toaka gasy mahafaty. Raha fantatra ny olona nanao azy dia izy no hoterena, hosaziana. Tsy ampidirina ao izay fa lasa mampanahirana ny sainay. Izahay dia tena miombon-kevitra amin'ny fandaniana ity Tolo-dalàna ity satria efa tamin'ny andron'Itompokolahy DJAO Jean izahay no efa nandany azy, tamin'ny andron'i RAZAFINTSIANDRAOFA Brunnelle izahay efa nandany azy. Ity koa nisy natolotry ny Solombavambahoaka avy ao Ambositra, handany an'io koa izahay, saingy mba jereontsika ity «article 36, 37» ity. Isika tsy matimaty, izahay mpanao politika, Andriamatoa Filoha. Sao heverintsika hoe tsy mpanao politika raha handany an'ity.

Koa miangavy antsika satria isika tsy hobaikon'ny «Sénat» izany, isika tsy baikon'ny Governemanta izany fa ny raharaha maha Solombavambahoaka antsika no ataontsika eto. Izay mahasoasoa antsika no ataontsika eto.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra anao Andriamatoa Solombavambahoaka.

Angamba hanontaniantsika ny «avis»-n'ny «Juriste»-ntsika ao anatin'ny «Commission». Tsy azo atao ve ny mijery ny «substance» izay mety «atomistique» ao anaty toaka gasy, mety nisy «saveur» hoe inona no fototra nahafaty olona tao anatin'ny fahamamoana. Tsy manao lalàna vaovao isika fa amin'ny «décret» na ny lalàna teo aloha no mikasika an'izay.

**Ramatoa RABY SAVATSARAHA Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Nampiseho ny ahiahiny avy ny Solombavambahoaka «par rapport» amin'ireo andininy roa 36 sy 37 amin'izao Tolo-dalàna izao. Fanatsarana no azo atao, Andriamatoa Filoha, amin'ny «rédaction» fa io dia «infraction de droit commun» ato anatin'ity Tolo-dalàna apetratsika ity, fa na tsy ato anatin'ity Tolo-dalàna ity izany dia afaka ampiharina foana io andininy faha-36 sy faha-37 io
Ny andininy faha-36 aloha, ny zavatra ataontsika dia efa manazava sahady mialoha izany. Averiko ihany, ny andininy faha-36, mety ho ny «rédaction»-n'ny «article» izay afaka atsaraina na hoe raha misy fampidirana «substance nuisible» izay «volontairement» ataon'ny olona mamokatra. Ny «nuisible», ny mahafaty, «donc» ny «sens» hoe mahafaty izay no eto. Raha ohatra ka hiteny isika hoe «nuisible» daholo ny zavatra rehetra dia «toxique», mahafaty araka ny voalazan'ny «code de la santé», miteraka tsy fahasalamana noho iny zavatra iny, any anaty «code pénal» no misy an'izay «disposition» izay.
«Rappel» io, tsy maintsy napetraka tato satria «exigence» avy ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka, apetrako amintsika ihany izay hoe anisan'ny zavatra tsy nisy tamin'ny Tolo-dàlana teo aloha io ary anisany «blocage» teny anivon'ny Antenimierandoholona.

Izahay, Tompoko dia manatsara ny Tolo-dalàna izay napetratsika eto. Tsy sanatria hoe lany ato amintsika kanefa rehefa tonga any amin'ny Antenimierandoholona na eny amin'ny HCC dia ho «déclarer non conforme» amin'ny Lalàmpanorenana.
Izay no fanatsarana atolotray.

Faharoa, mikasika ny andininy faha-37, efa nanatsara izahay fa raha ny Tolo-dalàna teo aloha tsy tahaka an'io, fa ny «esprit»-n'ny tompon'ny Tolo-dalàna tamin'ny nanolorana azy ity. Izay no ampahafatarina antsika mba ahafahantsika mijery hoe inona no «amendement» na ny fanavaozana tokony hatao amin'io andininy faha-37 io.

Voalohany, atao karazana «système déclaratif» ny fanomezana fahazoan-dàlana. Raha mpanao toaka gasy ny tenako, mankany amin'ny Fokontany milaza hoe eto ny toerana fanamboarako azy, mankany amin'ny Kaominina milaza hoe ireto avy ny laro ampiasaiko amin'izany na fary na voanio na siramamy.

Izaho mpanamboatra ny toaka gasy no mametraka ao anaty taratasy hotazonin'ny Kaominina hoe ireto avy izany. Iny taratasy iny no avadika ao amin'ny «comité» apetraka ho lasa «norme». Ny tiako hotsindriana, tsy misy famoronana «norme» hoe tsy maintsy izao na izao. Raha ianao no manamboatra ny toaka gasy ka trembo na voanio no anaovanao azy dia ianao ihany no miteny hoe ireto avy no «substance» nanaovana an'io.
Raha sanatria misy ny tsy fanarahana an'izay ka miteraka zavatra hafa, hazavaina any amin'ny «circuit de commercialisation», any anivon'ny mpivarotra no ipetrahan'ity zavatra ity, ry zareo eo anivon'ny Minisiteran'ny Varotra no afaka mitondra fanazavana mikasika an'izay.

Izahay dia miezaka manatsara ny Tolo-dalàna, fa raha tsy mety amintsika Solombavambahoaka izany, zontsika no tsy mifidy na tsy mandany azy.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra ny Solombavambahoaka RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle.
Misy mangataka satroka, ny Solombavambahoaka RAKOTOARIMANANA Patrice

**Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ny fahitako azy dia resaky ny tsy mahazo resaka, izay no mandany andro antsika. Mazava be ny fanazavan-dRamatoa Filoha teo fa tsy mahazo resaka isika.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mbola misy Solombavambahoaka mangataka satroka.

**Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Nanamafy ny tenako tamin'ny fanaovana satroka hoe andao isika hiditra amin'ny fandaniana satria miverimberina ny resaka.
Isika mbola tara amin'ireto andininy faha-36, 37, 38 ireto; ny zavatra tiako horesahana, ny «amende» angamba no tokony hataontsika mitovy amin'io andininy faha-36 io: «20 000 Ariary à 100 000 Ariary»; torak'izay ny andininy faha-37, ampitoviana amin'io ihany koa; torak'izany koa ny andininy faha-38 satria rehefa ambony be io «amende» io dia izay no anisany miteraka kolikoly ataon'ny mpitandro filaminana any ambanivohitra any. Izay no «amendement» angatahako raha ohatra ka mety amintsika, amin'izay tsy misy risika loatra hoe ampandoavina vola an-tapitrisa ny olona any.

Ny zava-misy dia ity, na io resaka taratasin'omby io rehefa nampidirina ny Boky faha-4 tao anaty «arrêté interministériel» angamba izy izay, lasa manana boky fanampiny ny Zandary, manao sonia ny FIB sy ny boky ny Zandary. Amintsika miteny izao dia mikaikaika ny olona amin'ny resaka taratasin'omby. Mialatsiny amin'ny Solombavambahoaka namana, tsy hoe mitifitra Zandary fa zava-misy izany; misy vola hafa mbola aloa koa any. Raha ampidinina ity dia hampihena ny kolikoly mety ho eritreretintsika izay.

Efa fanintelony izao no nisy ity lalàna mikasika ny toaka gasy ity, maninona no misy manakana any amin'ny «Institution» hafa. Aza adino, fa misy «opérateur» goavana misehatra amin'ity resaka toaka ity, mety manelingelina azy ny fanalalahana azy ity ka lasa misy olana, tsy afenina izany. Rehefa mandinika ity lalàna mikasika ny toaka gasy ity dia misy foana ny mitsipaka, misy manao pitsopitsony samihafa satria mampiasa ny fahefany ato anatin'ny Antenimierampirenena ireo «opérateur» ireo, tsy afenina izany.
Lasa saina ihany ny tena mahita ny «intervention»-n'ny Solombavambahoaka sasany, sao sanatria efa misy «mallette» mandeha avy amin'ireo «opérateurs» vaventy ireo. Isika ato aloha Solombavambahoaka miisa 163, mety tsy ho zakan'izay, any amin'ny vitsivitsy no mety ho zakany, toy ny any amin'ny Antenimierandoholona.
Koa eto, fahavalom-pirenena izay tsy mandany azy ity satria anisany mitazona ny kolotsaina, anisany fiveloman'ny Malagasy. Any aminay, betsaka ny mpitandro filaminana. Ny olona ambony, tamin'ny alàlan'ny toaka gasy no niantohana ny fianarany, nahalasa mpiasam-panjakana azy.

Tokony tsy hisy intsony sakana amin'ny fandaniana azy ity, na ato amintsika na eny amin'ny Antenimierandoholona na any amin'ny ambaratonga hafa. Tokony handany sy hampandeha ny lalàna mikasika ny toaka gasy ity isika.

Izay angamba fa dia mitaona antsika Solombavambahoaka rehetra. Andao hofidiantsika amin'izay izy ity.

Misaotra betsaka, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mbola misy Solombavambahoaka mangataka fitenenana.

**Andriamatoa MAMIHAJA Charlot,**
Misaotra betsaka, Andriamatoa Filoha.

Sosokevitra no ataoko, afaka miditra amin'ny fandaniana ny «amendement» isika. Izaho no nandroso sosokevitra amin'ny fanalana tanteraka ny hoe mampigadra ny ao anatin'io «texte» io; na migadra herinandro na tapak'andro, aleo tsy hisy resaka gadra ao anatin'ity lalàna ity. Tsy izany no tanjona tamin'ny fampandaniana sy nitolomanay ny lalàna mikasika ny toaka gasy.

Hafatra ho an'ny eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamana sy ianareo dokotera, mba milazà ianareo anarana toaka mahasalama raha misy, fa isika tsy veriverezin'ny olona, ataon'ny olona fivarotana ny toakam-bazaha fotsiny eto amintsika, ny antsika isika ihany no mamotika azy. Ny mpitsara nandrandraina no mamoritra, manempotra ny vita Malagasy. Aleo tsy asiana io teny mampigadra io ao anatiny ao, tsy mety raha misy an'io ao. Lasa lalàna fampitahorana fa tsy lalàna fanalalahana, natao hampihorohoroana ny mpanao toaka gasy.

Izay no iangaviako hanaovana tsangan-tànana hoe iza no manaiky ny hanesorana ny teny mampigadra, inona no hasolo azy.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Omena fitenenana ny Solombavambahoaka manaraka.

**Andriamatoa ANDRIAMIHARIVOLAMENA Liva Zavamanitra**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba am-panajana anareo eny ambony, miarahaba ny namana Solombavambahoaka etỳ ambany, ianareo solotenan'ny Governemanta.

Fomba fijery hafa kely ny ahy; eto Madagasikara dia misy fikambanan'ny vokovoko manga na ny «croix bleu», misy ny atao hoe «conviction», ry zareo tsy mandray «alcool» mihitsy. Tokony hijery an'izay tsy hampihen-danja ny «Institution» isika hoe mampisotro toaka olona raha handany lalàna tahaka izao. Tsy maintsy ho voizin'ny hafa manko izay.

Anjarako izao no miteny, avy eo ianareo. Afaka mangataka fitenenana amin'Andriamatoa Filoha ianareo.

Manazava kely fotsiny ny tenako, na holaniana ity na tsy holaniana, ny toaka vazaha efa tafiditra. Izaho tsy «croix bleu», mba tsy haharatsy ny Solombavambahoaka hoe manao lalàna mampisotro toaka vazaha ny vahoaka ny Malagasy; na hosakanana aza izany dia misy foana ny toaka vazaha tonga eto Madagasikara.

Faharoa, ny «esprit» itondrantsika azy ity dia mba ahafahan'ireo tantsaha manatsara ny fari-piainany. Ny tiako hosoritana ao anatin'ity Tolo-dalàna ity, ny andraikitr'ireo mpanao hirakely na ny «collecteur», sao izy ireo indray no mahazo tombotsoa fa tsy ny tantsaha mibata ny «bidon». Sao misy azo anampiana raha manao Tolo-dalàna hitsinjo ny vahoaka madinika isika kanefa ny «collecteur» no mahazo tombotsoa.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.
Omena fitenenana ny Solombavambahoaka RAKOTOSON Hubert, voafidy tao Mahanoro.
Avy eo manao satroka ny Solombavambahoaka SAHORY Christian, vaofidy tao Belo sur Tsiribihina

**Andriamatoa RAKOTOSON Hubert**
Misaotra betsaka, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo eny amin'ny «perchoir», ianareo solotenan'ny Governemanta.

Ity toaka gasy ity efa matetika niakatra tato amin'ny Antenimierampirenena; ny zavatra iangaviana aminareo, aza mba arirarira ny vahoaka. Izahay miresaka amin'ny olona any hoe lany ny toaka gasy, ny olona manao mahavelona, isika hitady fampandrosoana miainga avy amin'ny fambolena avy any ambanivohitra. Misy tany azo ambolena fary, kafe. Ny fary rehefa betsaka dia azo avadika ho toaka.

Gaga ny tenako hoe mahafaty, iza amintsika eto no tsy ho faty, samy ho faty daholo na misotro na tsy misotro toaka gasy na olona ambony na olona sahirana. Samy misotro toaka gasy daholo kanefa tsy mahafaty azy izany.

Ny isintonako ny saintsika, nisy niteny teo hoe mila mandalo any amin'ny Kaominina, sns. Azo atao daholo izany, misy olona manana fary kely, mety ho 20 litatra ny toaka gasy vitany, iny no mba hamidiny. Ahoana no hitenenana fa iny no handehanana any amin'ny Kaominina. Ny toaka gasy misy mpividy foana.

Any Mahanoro, taloha 10 000 Ariary ny litatra, amintsika miteny izao 3 000 Ariary ary entina miakatra atỳ Antananarivo, any Toamasina. Aleo esorina io lalàna mampigadra io, fa ataovy hoe voasazy.
Ny Zandary sy ny Polisy raha mahatratra «bidon» iray dia iny andininy mampigadra iny no tonga dia ampihariny kanefa izy ireo mba misotro ihany. Ny tena olana, rehefa azony ny toaka dia amidiny fa tsy dorany, ekenareo ihany izay zavatra izay. Mangataka izahay, aleo mba halalaka.

Izay no teniko, Andriamatoa Filoha.
Mankasitraka, mankatelina fa izahay dia anisany handany azy ity.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.
Manao satroka ny Solombavambahoaka voafidy tao Belo Tsiribihina.

**Andriamatoa SAORY Christian**
Misaotra nanome ny fitenenana.

Ny zavatra angatahako, Andriamatoa Filoha, aleo hiroso amin'ny fandaniana isika hoe iza no manaiky mikasika an'ireo andininy faha-36, 37 ireo, ity lalàna ity dia ho lany 100%. Eto ny namako Solombavambahoaka, miteny aminao aho fa ho lany 100% io fa rehefa maro ny olona voasambotra, hivadika any aminao any io hoe ianao namitaka anay.

Ny sosokevitro, aleo holaniantsika ny hoe hasiana «amendement» ve sa tsia.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Efa natsidiko izay zavatra izay anefa «sur le plan technique», efa nohazavain'ny namana Solombavambahoaka teo, tsy maintsy hanao fandaniana isan'andininy isika. Ny tokony ho nataontsika tamin'ny «observation» voalohany, tamin'ny Solombavambahoaka nampakateny teo dia efa napetraka tany amin'ny asam-baomiera hoe: tsy mety ny «terme» fanagadrana.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka RABY SAVATSARAH Aina Harimanga Gabrielle, avy eo ny Solombavambahoaka manaraka.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Aina Harimanga Gabrielle**
Satria Andriamatoa Filoha, mihodina amin'ny andininy faha-36, 37 ireto ihany ny adihevitra eto. Mialatsiny Andriamatoa Solombavambahoaka Haja, marina fa hoe miaro ny vahoaka aho; na izany na tsy izany amin'ny maha mpahay lalàna dia miezaka ihany ny hanara-dalàna, sady mpanao lalàna koa isika ato.

Sosokevitra Andriamatoa Filoha, satria tsy maintsy hiditra amin'ny fandaniana isika, raha ny avy amiko, tazonina amin'io andininy faha-36 io ihany satria tsy afaka ialantsika io. Asiana fanatsarana, ampiana «toxique» angamba raha tsy mety ny «nuisible».
Ny andininy faha-37 afaka, raha ny hoe fanagadrana no mampiahiahy antsika. Esorina dia tazonina ny «disposition» hoe: «sont punies d'une amende». Izay hotapahantsika eto ihany. Misy fanitsiana fotsiny angamba hoe: «d'une peine d'emprisonnement de 3 mois à 2 ans». Iny no esorina dia lasa hoe: «sont punies d'une amende n'excédant pas…», iny dia miankina amintsika hoe: «cinq fois le montant incriminé la vente des produits non conformes aux normes».

Izay no sosokevitra avy aminay mba ahafahantsika miroso amin'ny fandaniana satria manjary lasa lavitra ny adihevitra.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Manao satroka ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard.

**Andriamatoa ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard**
Hisintonako ny saintsika Solombavambahoaka, nisy fanamarihana nentin'ny namana Solombavambahoaka teo hoe resaky ny tsy mahazo resaka. Aleo tsy atao an'izay fa olona samy nianatra daholo isika ato, tsy hifampidera taimby amin'ny diplaoma eto, rehefa tsy mitovy hevitra aminao ny olona tsy midika hoe tsy mahazo resaka.
Io izao raha miova io andininy faha-37 io dia hiteny ianareo hoe tsy mahazo resaka. Aleo kosa tsy manao an'izany isika rehefa ao anaty adihevitra, samy nianatra isika, samy manana diplaoma. Mialatsiny am-panajana Raiamandreny.

Faharoa manarak'izay, miombon-kevitra amin'ny sosokevitry ny anabaviko teo aho, satria ekeko zato isan-jato mihitsy ny andininy faha-36, hoe raha mahafaty ny «produit»-nao dia migadra kosa ianao. Ny andininy faha-37 efa nanome sosokevitra Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny lalàna teo izay ankasitrahako; io «emprisonnement» amin'ny andininy faha-37 io ihany no tsy ekeko fa ny andininy faha-36, rariny izany, na inona «produit»-nao ka mahafaty olona ianao dia migadra.
Ny andininy faha-37, araka ny noresahako teo, mahatonga kolikoly satria mety ho avadiky ny mpitandro filaminana. Isaorako azy ary iombonako hevitra zato isan-jato amin-dRamatoa RABY SAVATSARAH Aina Harimanga Gabrielle, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna hoe: ny andininy faha-36 tsy ovaina fa ny andininy faha-37 kosa angatahina mba hesorina ny «emprisonnement».

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Manao satroka ny Solombavambahoaka MAMIHAJA Charlot.

**Andriamatoa MAMIHAJA Charlot**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Misaotra ny Solombavambahoaka anabavy ihany koa aho amin'ny «souplesse» nambarany teo. Mialatsiny, Tompoko, esorina ao amin'ny andininy faha-36 ny hoe fanagadrana. Tsy azo atao sangisangy ity zavatra ity satria raha vantany vao lany dia mijanona eo hatramin'ny farany. Mety tsy hanina fihinana fa narary vavony no nahafaty olona, io indray no hatao hifanejehana ka tsy mety. Esorina tanteraka ao anaty lalànan'ny toaka gasy mihitsy ny hoe mampigadra.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Tsy satroka intsony fa sosokevitra izay nataonao teo izay.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka RESAMPA André.

**Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès**
Misaotra nanome ny fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Mamerina ny fiarahabana anao; miarahaba anareo mambran'ny Birao Maharitra, ianareo teknisiana. Miarahaba ny Solombavambahoaka rehetra manatrika ity fivoriana androany ity.
Miarahaba ihany koa anareo Solombavambahoaka niara-niasa sy nandrafitra tao amin'ny asam-baomiera an'ity Tolo-dalàna ity, asa lehibe tokoa no tanteraka tao.

Teboka telo angamba no hotsindriako, Andriamatoa Filoha.

Ny voalohany, iverenako ny andininy faha-36 sy 37 satria sosokevitra nifampiresahanay mianadahy teo izy iny.

Sarotra ny hanalana ny voalaza ao amin'ny andininy faha-36 io, «source d'inconstitutionnalité» raha io no esorintsika satria «droit commun». Raha ny andininy faha-37 dia miombon-kevitra amin-dRamatoa Solombavambahoaka ny tenako satria heveriko fa azo atao tokoa izay «souplesse» izay.

Isika rehetra mahafantatra fa mila arovana ny mpivarotra sy mpamokatra toaka gasy, tsy iadian-kevitra izany.
Eto ihany koa anefa izahay dia miteny hoe tany tan-dalàna isika, mila mipetraka ny sazy rehefa tsy mifanaraka amin'ny fitsipika sy ny fenitra rehetra mikasika ny «commercialisation, normalisation» ny toaka gasy eto amintsika.
Isika tsy tokony ho baranahany intsony; izay no zavatra ataoko fa lehibe indrindra.
Andriamatoa Filoha, ianareo Solombavambahoaka namana, efa in-telo ity Tolo-dalàna ity no nandalo teto amintsika, efa nolaniana, efa natolotra tany amin'ny Antenimierandoholona; misy dikany izany.

Efa miandry ity lalàna ity mba havoakatsika ny vahoaka Malagasy. Raha tsy diso aho, efa maro ireo tolo-kevitra natolotry ny Governemanta izay noraisintsika an-tsoratra ary nampidirina ao anatin'ity lalàna ity. Maro ihany koa ny fanitsiana efa voalaza teto avy amin'ireo Solombavambahoaka namana, efa nampidirintsika ato amin'ity lalàna ity.

Noho izany, marina fa isika Solombavambahoaka tsy tampenam-bava mbola afaka miteny izay holazaintsika eto, fa ny itenenako, Andriamatoa Filoha, mangataka ny hirosoantsika amin'ny fandaniana an'ity tolo-dalàna ity, ka hanolotra azy indray any amin'ny Antenimierandoholona.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka voaafidy tao Nosy Varika.

**Andriamatoa MALAINKORATSY Jocelyn**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba antsika rehetra manatrika ity fivoriambe ity.

Amiko manokana, mandreraka ny toaka gasy. Efa Ben'ny Tanàna intelo misesy ny tenako. Niadiako tamin'ny mpitandro filaminana ny fanaovana «intervention»-n'ny tantsaha tamin'ny fanaovana toaka gasy.

Faly aho ary misaotra ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambositra nanolotra an'ity Tolo-dalàna ity, satria afaka ny ady tamin'ny mpitandro filaminana
Ny amadibadihana ny maty, tahotry ny tsy handevenam-belona. Ekena fa tsy misy handà an'ity Tolo-dalàna ity isika ato izao satria isika nofidian'ny vahoaka, mijery ny tombotsoan'ny vahoaka, indrindra ny tantsaha maro an'isa.

Ny andininy faha-36 sy 37 no mampiady hevitra eto.
Isaorana Ramatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna izay nanaiky ny fanatsarana ny andininy faha-37 io, satria raha ohatra tsy misy karazana vala na fampitandremana izay mety ho fihoaram-pefy amin'ny fanaovana toaka gasy, ho sarotra ihany izany, satria halalahana ny resaka toaka gasy kanefa misy mandika lalàna, ohatra hoe mahafaty olona. Tokony hiharan'ny lalàna izany olona izany saingy mila porofoina hoe tena nahafaty olona tokoa na hoe olona maromaro no matin'ny «produit» namboarana azy, izay vao tokony ho fantatra hoe tena nisy poizina marina ny toaka gasy novokariny. Raha toa ka olona tokana no maty, lasa hifanejehana eny anivon'ny fiaraha-monina izy. Mety tsy nihinan-kanina izy talohan'ny nisotroany ka izay no nahafaty azy. Raha maromaro ny olona maty na narary dia izay vao tokony hampiharina aminy ny sazy.

Izay no fandraisam-pitenenako, Andriamatoa Filoha.
Mankasitraka tamin'ny fanatsarana ny Tolo-dalàna momba ny andininy faha-37 izay nataon-dRamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna ny tenako.

Mankasitraka Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra ny Solombavambahoaka nandray fitenenana.

Faranantsika amin'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka nitondra ny Tolo-dalàna, Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, avy eo mandray fitenenana ny teknisiana avy ao amin'ny Minisitera hitondra ny heviny ihany koa.

**Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Voalohany indrindra, ato amin'ireto andininy faha-36, 37 ireto no mampisy ny ahiahintsika Solombavambahoaka.
Raha vakiantsika tsara ity Tolo-dalàna ity dia hita ao anatin'izay ny resaka «garanti» mba hialana amin'ny gaboraraka.
Mikasika ny andininy faha-37 araka ny voalazan-dRamatoa Filohan'ny Vaomiera teo izay nitondrany fanitsiana kanefa ny zavatra tiako ampidirina amin'ny saintsika Solombavambahoaka rehetra; marina fa ho fitsinjovana ny tantsaha no antony anomezantsika fahalalahana. Rehefa omena zo anefa dia misy ny adidy mifandray amin'izay, ka ny fametrahana izany dia ny «balise» hialana amin'ny gaboraraka.
Voaresaka tsara izay eto satria efa fantatra ny fanamboarana sy fanomezana «norme». Ny toerana na ny Disitrika na ny Faritra mamokatra toaka gasy dia samy manana ny «norme»-ny tsirairay ny mpamokatra rehetra. Raha ny any aminay faritra Ambositra, ny tapany atsinanana mifandray amin'i Marolambo, Nosy Varika sy Ifanadina iny, ao amin'ireo no toerana misy ny famokarana fary sy ny laro izay miaraka aminy. Ireo no vokatra efa misy, ireo no raisina ao anatin'ny "norme" izay fanaovana azy arakaraka ny fanambarana ataon'ny mpamokatra eo anivon'ny Fokontany, ny Kaominina ary ny tomponandraikitra.
Mino aho fa ny «sensibilisation» no tena hataontsika, ampahafantarina an'ireo famokarana mba tsy hihoa-pefy. Ny tena olana amin'izy ity dia misy ireo tomponandraikitra any amin'ny sehatry ny fivarotana no mihoa-pefy manapoka «produit» ka mety hitarika amin'ny fahafatesana na mampaharary ny olona misotro azy.

Efa napetraka tsara ny «traçabilité» dia ny fiarovana ny mpanjifa no zava-dehibe aoa anatiny. Raha sanatria isika hiala tanteraka ao anatin'ireo andininy roa ireo dia ho lasa tsy voaaro ny zon'ny mpanjifa.
Ny tiako lazaina, misy ireo zoky teo aloha efa nitondra ity Tolo-dalàna ity, taiza no nampikatso azy, io no olana. Io tafahitsoka any amin'ny Antenimierandoholona io dia mety hiakatra any anivon'ny rafitra mahefa manaraka ihany koa, ka mety ho sahirana isika. Tsara ny isintonana ny saintsika Solombavambahoaka namana rehetra, satria isika matoa mipetraka eto dia hijery sy hiaro ny tantsaha. Ny resaka kolikoly izay ataon'ny Zandary, mino aho fa azontsika idirana, ho voavaha izany zavatra izany. Ny tsara ho fantatra dia sao ho lany ato amintsika ity, avy eo tonga any ambony any dia tsy lany noho ireo «articles» roa ireo. Mivaona toy ny tsy misy dikany ka lasa misy fahavoazana.
Tadidio fa famoronana asa ho an'ny tantsaha izy ity. Araka ny voalaza toe aloha dia tena efa seha-pihariana tanteraka. Miainga any amin'ny «collecteur» no mipetraka ny "traçabilité" ary raha tsy mahazo ny fankatoavana avy any amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana, misy koa ny fahazoan-dàlana omen'ny «Commerce» amin'ny fanaparitahana azy eny an-tsena.

Tsy tokony ho tonga eny an-tsena ny toaka gasy vokarina, fa eo dia efa hita ny fiantraikany amin'ny mpanjifa izay tsy maintsy arovana. Izay rehetra izay no iarovana azy mba tsy ho gaboraraka amin'ny fanatontoloana azy ity satria amin'izao fotoana izao dia voaenjiky ny mpitandro filaminana ny toaka gasy. Tsy manana asa izy ireo fa miandry ny hiakaran'ny toaka eny an-tsena dia mitaky rakitra izay vao azo amidy ny toaka gasy.
Izay no zava-misy mikasika azy io, ka misintona ny saintsika Solombavambahoaka namana.
Eo ny eo anivon'ny Governemanta hanao izay hahasoa sy hahatsara an'ity Tolo-dalàna. Rehefa tafapetraka izay dia mino aho fa tsy ho voakasika satria isika mahafantatra fa tsy mbola nisy olona matin'ny toaka gasy na nararin'ny toaka gasy tao anatin'izay fotoana rehetra izay. Ny vokatra vokarina fotsiny no apetraka ny «normalisation»-ny dia ho voaaro ny rehetra.

Izay no tiako ambara, Andriamatoa Filoha.
Mankasitraka nanome ny fitenenana.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Fanamarihana kely, tsetsatsetsa tsy aritra; mahaliana tokoa ny adihevitra ataontsika, mahafinaritra. Hita ny ahiahintsika miaro ny tantsaha izay tsy mahay taratasy; na izany aza tsy afaka hanao «dépénalisation totale» isika satria na ny toaka vazaha lazaintsika io aza dia maro ny olona matin'ny «coma éthylique», fa maninona no tsy misy fanagadrana. Ampitaiko fotsiny izay zavatra izay. Mila mijery isika satria ny «source de corruption», ny «interprétation»-n'io «texte» io, tena mila fahamailona.
Raha hosokajiantsika ho «produit artisanal» io zavatra io, ato Ramatoa Sophie RATSIRAKA mahalala izay zavatra izay, amin'ny maha «artisanal» azy dia samy mitondra ny hoe maha tototànana, isaky ny Kaominina mety samy manana ny hanitra maha izy azy. Angamba tokony aompantsika ny adihevitra hoe misy famantarana iantsoana azy «d'origine» ity zavatra ity. Ny «communauté» no tokony hiaro an'izay zavatra izay mba tsy hisy hisompatra hampiditra zavatra mamoa-doza ao anatiny. Hifampifehy isika ho an'ny taranaka amampara.

Omena ny teknisiana solotenan'ny Governemanta ny fitenenana.

**Andriamatoa RASAMIMANANA Liva Lucien, solotenan'ny Governemanta**
Mankasitra, Andriamatoa Filoha.
Mankasitraka antsika Solombavambahoaka rehetra tonga manatrika eto, isaorana ihany koa ny ekipa teknika avy atỳ amin'ny Governemanta.

Ny tenako izay miteny izao dia RASAMIMANANA Liva Lucien, "Chef de service de normes et de règlementation des aliments» ao amin'ny «Agence de Contrôle de la Sécurité Sanitaire et de la Qualité des Denrées Alimentaires» ao amin'ny fahasalamam-bahoaka.

Betsaka ny zavatra noresahantsika teo, hazavaiko antsipiriany ara-teknika amin'ny maha teknisiana ahy.

Tsy hiditra amin'ny adihevitry ny Solombavambahoaka izahay fa tena ara-teknika no hazavaina eto.
Ny zavatra horesahantsika voalohany dia inona no atao hoe «norme», inona no antsoina hoe "bonne pratique de fabrication". Izaho no anisany niteny tao amin'ny asam-baomiera hoe ny tena mety amintsika raha ny "processus" dia manangana «comité technique de normalisation» mba ahafahana mametraka ny «paramètre» rehetra ao anatin'ny toaka gasy.
Horesahana amin'izany ny mikasika ny "degré alcoolique" ao anatin'ny andininy faha-12, izay mahatonga anay mamaritra hoe maninona no tenenina hoe "44 degré", satria antsoina hoe toaka gasy "consommable", izany hoe fihinana ny toaka.
Mety hisy hiteny hoe "45 degré", lasa "44 degré". Misy ny atao hoe "tolerance" vao miakatra ny "20 degré" ny alikaola ary lasa "45 degré" raha tokony ho "44 degré".
Azavaina amintsika fa izay no mahatonga ny "44 degré".

Ankoatr'izay, miresaka isika hoe sao dia mahafaty ny toaka. Tsy ny tahan'ny alikaola ihany no mamaritra ny antsoina hoe toaka, fa misy "paramètre" maromaro izay iarahantsika midinika.
Ny teknisiana miresaka ny "paramètre de producteur», miresaka hoe "bonne pratique de fabrication", ny «partie prenante» rehetra sns… Izay no "référence normative" izay avoakantsika ao, izay no antsoina hoe "travaux des normalisations".

Miresaka indray isika hoe manao ahoana ny toaka gasy avy any Ambositra, ny avy any Marolambo, sns...
Apetratsika ao anaty fitsipika ny ataontsika hoe «bonne pratique de fabrication»-n'ny toaka gasy ary tsy maintsy arahan'ny «processus» rehetra mba hahatonga azy ho toaka gasy. Tsy maintsy misy laro, tsy maintsy misy fary, tahaka izao no fomba fanamboarana azy, ohatran'izao ny «fermentation, distillation» sns… dia mahazo ny antsoina hoe toaka gasy «consommable» isika.

Nisy niteny teo hoe hametraka ho "60 degré" ny tahan'ny alikaola ao anaty toaka gasy. Azavaina tsara, fa misy karazany roa ny alikaola. Ny iray dia ny "alcool consommable" na toaka gasy fisotro amin'ny taha "44 degré" izay noresahana teo. Rehefa mihoatra an'izay dia atsoina hoe toaka gasy "à haute degré" izay tsy fisotro. Nisy Solombavambahoaka namana niteny teo hoe nampiasaina tamin'ny COVID nanaovana "prévention" nialana tamin'ny fifindran'ny aretina.

Manaraka, mikasika ny "toxicité" hoe mahafaty ny toaka gasy. Izahay ao amin'ny ACSQDA raha ohatra misy olona milaza fa matin'ny toaka, ny zavatra angatahanay dia manana "échantillon" ny toaka ny olona nanao ny toaka gasy dia hita, "tracé" hoe izao ny antony nahafaty ilay olona. Mety tsy toaka gasy fa mety zavatra hafa.
Ny hoentiko hanazavana manaraka izay. Rehefa tonga any aminay ny toaka gasy, marihina aloha fa efa misy manatitra any aminay ny toaka gasy atao "analyse" ahafahana mamoaka ny atao hoe "certificat de consommabilité et certificat d'immatriculation". Izay ny "compétence ny ACSQDA, mahazo ny antsoina hoe "certificat de consommabilité" ny olona raha mahafeno ny fepetra rehetra na ny "paramètre" rehetra izay jerena ao anatin'ny toaka.
Apetraka tsara amintsika dia mazava tsara, tsy voaresantsika teo izany fa ho resahiko. Mety misy olona manana "tentative" milaza fa toaka gasy no hovokarina, mety misy mampiasa "rhum" toaka gasy nefa tsy toaka gasy fa "rhum" ny toaka gasy lazaina fa toaka gasy.

Afaka manavaka tsara hoe ity no antsoina hoe toaka gasy, ity no antsoina hoe “rhum” izay no maha “fraude” ny “fraude” ao aminay.
Ny “fraude alimentaire”, aza manana ahiahy ianareo hoe ahoana izahay ao amin’ny ACSQDA fa misy olona manao “production de rhum” kanefa milaza fa toaka gasy no vokariny. Araka ny voalaza sy nifanarahantsika tao amin’ny asam-baomiera, tokony hasiana soratra toaka gasy eo amin’ny “etiquette” ho marika amin’ny maha toaka gasy azy. Mipetraka ny marika maha toaka gasy, rehefa jerena anefa dia “rhum” no ao fa tsy toaka gasy. Tsy mahazo “certificat de consommabilité” izy amin’izay. Ny fanamby apetraka amintsika rehetra, mba hanana ny fahalalahany kosa ny tantsaha, mba mahazo tombony amin’ny olona izay mieritreritra hametraka hosoka.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**

Azafady, tohizako kely fa lasa misy «contradiction» amin’ny «esprit»-n’ny toaka gasy mantsy izy ity. Raha mametraka hoe “numéro d’identification par de produit maison” na “localement produit dans les communes». Ohatran’ny tsy mitombona amiko ny hoe handeha hanatitra «échantillon» eny Tsaralalana vao hahazo «appellation d’origine» hoe toaka gasy. Tsara raha mba hazavaina kely izay.

**Andriamatoa RASAMIMANANA Liva Lucien, solotenan’ny Governemanta**

Azafady, Andriamatoa Filoha, ny zavatra tiako ampitaina, raha “producteur local” ny tantsaha dia sarotra ny handehanany eto Antananarivo hanao “analyse”-n’ny toaka gasy. Ny “grand producteur” sy ny “collecteur” no tonga manao “analyse”-n’ny toaka gasy ao aminay. Asa na mazava amintsika izay. Raha ny tantsaha mihitsy dia lazaina hoe “bonne pratique de fabrication». Rehefa manaraka fepetra ny mpanao toaka gasy amin’ny fanamboarana izany, mino aho fa tsy tokony hisy “risque d’intoxication” ny fanamboarana azy.
Tsara azavaina fa ny olona any ambanivohitra dia tsy afaka manao “certificat de consommabilité”, fa ny olona manao “production” lehibe manomboka eo amin’ny “collecteur” no manao an’izay. Izany hoe, isika ihany no mamaritra azy.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**

Efa voalaza fa tsy misy “production industrielle” ao anatin’ny “texte”, fa resaka toaka gasy, “fabrication maison» toy ny olona manao mofo baolina ao an-trano na manao mofo akondro ao an-trano. Raha ny fahazoako ny “texte” teo, tsy misy hoe “société” tahaka izao no manao an’izao, fa resaka “artisanal”. Ny Fokonolona, ny Fokontany rehefa misy fety dia hanao “fabrication”. Lasa miditra “débat technique” isika. Ny fahalalako azy, tokony hiala amin’ny resaka “processus industrielle” na ny “consommabilité” sns, lasa tsy mety daholo ny “demarche” ataontsika rehetra izao.
Manohy ny teknisiana, avy eo miditra amin’ny satroka isika.

**Andriamatoa RASAMIMANANA Liva Lucien, solotenan’ny Governemanta**

Ny “bonne pratique de fabrication”, Andriamatoa Filoha, tahakan’ny olona rehetra mahandro vary isan-tokantrano, mahafantatra hoe rehefa mahandro vary dia asiana rano sy mandrehitra afo. Rehefa masaka izy dia antsoina hoe vary maina. Toy izay no antsoina hoe «bonne pratique de fabrication». «Disponible» ho an’ny rehetra izany, miainga avy atỳ amin’ny Solombavambahoaka ny «bonne pratique de validé avec les comités», mandeha any amin’ny Kaominina. Tsy mifanohitra amin’ny «producteur» fa ny «représentant de producteur» mihitsy no mametraka ny «bonne pratique de fabrication en tant qu’expert» manao ny toaka gasy.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mangataka satroka ny Solombavambahoaka voafidy tao Manandriana, manaraka azy ny Solombavambahoaka Painchard.

**Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa**
Ireo teknisiana ireo dia efa niteny tao amin'ny asam-baomiera, fa rehefa jerena ny "texte" dia andininy miisa 2 roa ihany no hitantsika nisy olana teo. Mangataka, Andriamatoa Filoha, efa nisy sosokevitra teo hoe ny andininy faha-36 efa milamina, ny andininy faha-37 esorina ny "emprisonnement".

Aleo hatao ny fifidianana fa mbola hisy fivoriana handinihana lalàna hafa avy eo.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Atsangano ny tànan'izay manaiky hoe hiditra amin'ny fifidianana amin'izay isika.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 37 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa afaka miroso amin'ny fifidianana amin'izay isika.

Hiditra amin'ny "reformulation"-n'ny andininy faha-36 sy faha-37 isika, ny "esprit de loi" dia hoe "emprisonnement".
Mazava ny teniny teo hoe «reformulation» fa tsy manao «amendement» isika. Ny «amendement» dia zavatra efa "voter", fa mbola tsy nanao «vote» isika eto.
Ho «reformuler»-ntsika ny "texte" dia miverina ny Mpampakateny mamaky azy; mety amintsika izay.
"Reformuler"-n'ny teknisiana ny andininy roa avy eo ny Mpampakateny Mamaky azy alohan'ny hirosoantsika amin'ny "vote".
Ny andininy faha-36 sy faha-37 no fototry ny adihevitra teo.
Ny andininy faha-36 tsy voakitika fa ny andininy faha-37 no atao "reformulation". Ny teknisiana no manao azy vetivety dia averina vakian'ny Mpampakateny mba hazava, avy eo laniantsika amin'ny ankapobeny raha sitrakareo.

Manana Mpampakateny isika dia aleo izy no hanao azy.

Alefantsika ny fandaniana izay efa nekentsika teo, mifampatoky isika amin'izay zavatra hosoratany ao.

Hiroso amin'ny fandaniana isika.

Mifampatoky ve isika amin'izay zavatra izay, Tompoko. Mba antsoina kely ny «Président de Commission», azafady vetivety, «la confiance n'exclut pas le contrôle». Ny faniriako satria mba «bonne pratique parlementaire» ho antsika izy ity. Ny «texte» hovakiana sy hasiana fanitsiana rehefa vita ny an'ny vaomiera sy ny an'ny teknisiana dia asaintsika ny Mpampakateny hamaky izany; ny andininy faha-36 ihany no nampisy olana.
Ny zavatra nosoratana no vakian'ny Mpampakateny, izay no hofidiantsika.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès

**Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès**
Solombavambahoaka RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès, Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRMAR eto anivon'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa Filoha, miombon-kevitra aminao aho amin'ny hoe tokony ho fantatra tsara koa ny «texte» holaniantsika eto. Ny andininy faha-36, tsy misy fanovàna, ny andininy faha-37 no misy fanovàna. Izao no sosokevitra avy atỳ aminay: «sont punies d'une amende n'excédant pas cinq fois le montant incriminé sans être inférieur à 150 000 ariary, la vente de produit non conformes aux normes de production de Toaka gasy tel que prévu par l'article 10 de la présente loi». Izay ihany no ato fa nesorintsika ny hoe «emprisonnement», tsy izay ve no tadiavintsika rehetra.

Misaotra, Andriamatoa Filoha, mba mangataka izay Tompoko ny hirosoantsika amin'ny fifidianana «en bloc».

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Satroka farany ny Solombavambahoaka voafidy tao Belo Tsiribihina.

**Andriamatoa SAORY Christian**
Ny andininy faha-36 tsy nasiana fanovàna fa nasiana hoe "toxiques". Raha ohatra ka misy "toxiques" dia izay no mampigadra, fa raha tsy misy an'izany io "texte" io dia ohatran'ny hanahirana ihany, fa aleo ny soratra hipetraka. Ampiana hoe: "toxiques" araka ny tenin'ny namana teo.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Miroso amin'ny «rédaction» isika.
Omentsika ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRMAR ny fanatsarana ny «texte», rehefa vita ny «rédaction» dia hovakian'ny Mpampakateny ireo zavatra izay nataontsika teo. Nisy «proposition de reformulation» nentin'Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès teo.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Ny fanatsarana izay atolotra amin'ny andininy faha-36, hovakiako hatramin'ny voalohany dia hitantsika eo: «Tout producteur ou commerçant, aura occasionné à autrui une maladie ou une incapacité de travail personnel, en lui administrant volontairement de quelque manière

que ce soit des substances toxiques dans le toaka gasy, sans être de nature à donner la mort mais nuisible à la santé est passible d'une peine d'emprisonnement de 1 mois à 5 ans et/ou d'une amende de 12 000 Ariary à 540 000 Ariary», izay no sosokevitra voalohany.

Faharoa, ny andininy faha-37: «Sont punies d'une amende n'excédant pas cinq fois le montant incriminé sans être inférieur à 150 000 ariary, la vente de produit non conformes aux normes de production de toaka gasy tel que prévu par l'article 10 de la présente loi».
Izay no sosokevitra.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Ny tsara angamba tsy «production» fa «fabrication», satria ny «production» mantsy misy «notion de fabrication industrielle».
Mety amintsika ve?

Asaintsika ny Mpampakateny hamaky izay zavatra izay.

Mety mbola maharitra ve ny «rédaction»?

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Mialatsiny, Adriamatoa Filoha.
Hadika amin'ny teny malagasy ve izany izy ity, Andriamatoa Filoha?

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Alefaso amin'ny teny frantsay.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Efa novakiako teo, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Manana Mpampakateny ianareo dia aleo izy no hamaky izany eto anoloana. Omeo azy ny «texte».

Miangavy ny Mpampakateny hamaky ny izany. Aleo hajaintsika ihany ny "protocole".
Izay voasoratra dia voasoratra, aleo ny Mpampakateny no hamaky izay nosoratana satria mbola raharaha manga ny amin'ny teny malagasy, aleo vitaina ny anajaran'ny Mpampakateny. Aoka isika tsy ho maika amin'ity zavatra ity, fa miankina amin'ny fiainan'olona maro izy ity.

**Andriamatoa MAMIHAJA Charlot**
Hovakiako amin'ny teny frantsay ny "texte final".
«Article 36: Tout producteur ou commerçant, aura occasionné à autrui une maladie ou une incapacité de travail personnel, en lui administrant volontairement de quelque manière que ce soit des substances toxiques dans le toaka gasy, sans être de nature à donner la mort mais nuisible à la santé est passible d'une peine d'emprisonnement de 1 mois à 5 ans et/ou d'une amende de 12 000 Ariary à 540 000 Ariary».

“Article 37: Sont punies d’une amende n’excédant pas cinq fois le montant incriminé sans être inférieur à 150 000 ariary, la vente de produit non conformes aux normes de fabrication de Toaka gasy tel que prévu par l’article 10 de la présente loi».

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misy manana fanamarihana na fanitsiana ve mikasika izay.

**Andriamatoa RAZANAKOTO Isidore, Tale Jeneralin’ny Varotra, Minisiteran’ny Indostria sy ny Varotra**
Fanamarihana amin’ny resaka «syntaxe» fotsiny, Andriamatoa Filoha.

Amin’ny andininy faha-36, asiana «qui» eo anoloan’ny «aura», «pronom personnel qui aura» dia mi-«reprendre» amin’ny «verbe» erỳ amin’ny farany erỳ.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Tokony ho «aurait» satria zavatra «au conditionnel».

**Andriamatoa RAZANAKOTO Isidore, Tale Jeneralin’ny Varotra, Minisiteran’ny Indostria sy ny Varotra**
Raha apetraka ho «conditionnel» dia lasa tsy «punissable», fa raha hapetraka ho «futur». Izany hoe, «consommé» ny «acte» dia «sanctionné» izy avy eo. Izay fotsiny no maha samihafa azy.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Ny «enquête» no manamarina an’izany na «aura» io na «aurait».

**Andriamatoa RAZANAKOTO Isidore, Tale Jeneralin’ny Varotra, Minisiteran’ny Indostria sy ny Varotra**
Ny «texte» no mametraka sahady, fa ny olona nandika lalàna no saziana.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misy manana hanampiana an’izay ve ianareo eo anivon’ny teknisiana?

**Ramatoa TSELANY Déborah, Mpitsara avy ao amin’ny Minisiteran’ny Fitsarana**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ramatoa TSELANY Déborah, Mpitsara avy ao amin’ny Minisiteran’ny Fitsarana.

Mikasika ny hoe «substances toxiques» no anaovako fanamarihana kely. Raha ny voalaza ao amin’ny «code pénal»-ntsika, raha ny «substances toxiques» matetika dia voasokajy ho «empoisonnement» satria ny «substances toxiques» dia «substances mortiferes» hoy ny «juriste» satria manana fironana hamono olona.
Matetika any amin’ny «empoisonnement» no ampiasana ny «terme toxique» fa miankina amintsika ihany io. Ny nahatonga ny vaomiera nampiasa ny hoe «substance nuisible à la santé», araka ny efa voalaza teo ihany, mifandrindra amin’ny «disposition»-n’ny andininy faha-317 ao amin’ny «code pénal» io teny hoe «substance nuisible à la santé» io.

Raha «substance toxique» dia lasa manakaiky ny hoe «empoisonnement». Raha ao amin'ny «texte» anefa izany dia asa an-terivozona mandrapahafaty no sazy miandry.
Raha tiantsika ampiasaina ny hoe «substance toxique» sao dia omena famaritana hoe «au sens de la présente loi, substance toxique implique une substance nuisible à la santé» dia amin'izay mirindra kokoa ny «loi pénale»-ntsika.

Mankasitraka indrindra, Tompoko.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Misokatra ny adihevitra, omena fitenenana Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Angamba ampiana fotsiny any amin'ny «définition» ao amin'ny andininy faha-2 hoe inona no «substance toxique au sens de la présente loi». Izay fotsiny no ampidirintsika dia tsy manova intsony satria ny adihevitra eto dia ny «terme toxique» izay mety hiteraka fahafatesana na aretina any amin'ny olona no tena tian'ny Solombavambahoaka asongadina.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mbola manana ambara ve ny teknisiana.

**Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle**
Manampy an'izay, io «substance toxique» io matetika dia «méthanol». Antony roa no mahafaty amin'ny toaka gasy: na izy misy «méthanol», ny tompon'ny toaka no tomponandraikitra voalohany amin'izay. Mety hahafaty koa ny toaka gasy raha «coma éthylique» ka tsy tonga haingana any amin'ny tobim-pahasalamana. Raha izay no fisehony dia tsy avy amin'ny toaka no nahatonga ny «coma éthylique», tsy ny «substance» mihitsy, amin'izay no mila fanadihadiana tsara.

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Mazava ho azy fa tsy andraikitry ny olona nanao ny «substance» no nahatonga ny «coma éthylique» fa ny olona nisotro. Anjaranao no mandanjalanja ny toaka sotroinao.

Hiroso amin'ny fandaniana isika raha sitrakareo satria efa mandroso ny fotoana.

Afaka mamonjy ny toerany amin'izay ny Solombavambahoaka MAMIHAJA Charlot.

**- 8 -**

**- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2025/PL° -**

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Satria tsy misy handray fitenenana intsony, koa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy mikasika ity Tolo-dalàna ity isika.

Marihana fa ahitana andininy miisa 49 ity Tolo-dalàna ity.

**Famelabelarana ny antonantony:** nolanian'ny vaomiera nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

Iza no manan-kambara mikasika an'izay.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany an'izay.

- Solombavambahoaka miisa 37 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

Atsangano ny tànan'izay mandany ity Tolo-dalàna ity.

- Solombavambahoaka miisa 37 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2025/PL «sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national malagasy», natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra.

Efa misy iray barika angamba nomanin'Andriamatoa Solombavambahoaka ao.

Hiato kely ve isika sa tonga dia hotohizana ny fivoriana. Andriamatoa Kestora Voalohany tsy eo ka tsy afaka manapakevitra amin'ny «sandwich» izahay.

Mbola manana ny Tolo-dalàna natolotry ny Solombavambahoaka RATSIRAKA Sophie Soamiadana isika avy eo.

Taorian'ny fahalanian'ity Tolo-dalàna ity, omena fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra izany.

**Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Eto ny tenako dia mitondra ny teny fisaorana sy fankasitrahana antsika Solombavambahoaka rehetra, indrindra isika nanana làlan-tsaina hitsinjo ireo tantsaha mpamokatra toaka gasy.

Izay angamba no teny azo ambara.
Mitondra ny teny fisaorana ihany koa aho ho anareo eo anivon'ny Governemanta, ny teknisiana, tao anatin'ny fiadiana hevitra nanaovana ny asam-baomiera. Eo ihany koa isika mpikambana ao amin'ny Vaomiera rehetra, tsindriana manokana amin'izany, Ramatoa Filoha, satria maro ireo tolo-kevitra nomeny ho tombotsoan'ny tantsaha sy ireo mikirakira ny toaka gasy.

Mankasitraka, mankatelina.

Misaotra Tompokolahy.
Misaotra Tompokovavy.

- 9 -
- **Fiatoan'ny fivoriana** -

**Andriamatoa MPITARIKA FIVORIANA**
Isaorana ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambositra nitondra izay teny izay.

Omen-dàlana ary isaorana ianareo teknisiana.

Ampitao any amin'ny lehibe mpikambana ao amin'ny Governemanta ny fandraisana anjara mavitrika teto.

Misaotra Tompoko.

Miato hatreo ny fivoriantsika.

Niato tamin'ny 1 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivoriana.

NY FILOHA

TOKELY Justin